# FANAMBARANA SY HAFATRA IZAY MISY FIFANDRAISANA MAHAKASIKA NY LALANA SY FITSIPIKA MAMEHY NY FANAMPAHAN-KEVITRA MANOLOANA NY SIKIDY SY NY MPIMOASY.

Ho an'i Sheikh Abdol'aziz Ibno Abdillah Ibno Bàz

Hirotsaka Aminy anie ny indrafon'i Tompo Allah

شركاء التنفيذ:

دار الإسلام جمعية الربوة رواد الترجمة المحتوى الإسلامي

يتاح طباعة هذا الإصدار ونشره بأي وسيلة مع

الالتزام بالإشارة إلى المصدر وعدم التغيير في النص.

Telephone: +966114454900

ceo@rabwah.sa

P.O.BOX: 29465

RIYADH: 11557

www.islamhouse.com

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

# Teny fanolorana

Dera sy voninahitra ary fisoarana feno fankasitrahana no hatolotra ho an'i Tompo Allah,ary tsodrano sy fahombiazana ary fandriam-pahalemana ho an'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah,sy ho an'ireo fianakaviany ihany koa ary ho an'ireo rehetra mpiara-dia taminy,ary hoan'ireo rehetra izay nanaraka ny sori-dàlany,ka aorian'izany dia hoe :

Tena marina fa ny sikidy dia tafiditra hoan'isany iray amin'ireo fahotana lehibe indrindra, ary anisan'iray amin'ireo fahotana fito izay mamparendrika tanteraka amin'ireo zavatra izay nandidian'i Tompo Allah sy ny Irany **(s.w.a)** fa mba tokony hialana sy halavirina lavitra dia lavitra eo amin'ny fiainana ny momba izany, ary tena efa miparitaka mieli-patra ny sikidy amin'izao fotoana izao ary miseho amin'ny endrika maro samy hafa, ary hita ihany koa amin'ny fomba maro isan-karazany, indraindray izy dia hita fa miseho anaty sary mihetsika izay tena mahaliana ny maro, ary indraindray koa eo ambanin'ny fiheverana sy fiantsoana ny olona iray nitokamonina ka namela sy nisitaka ny hiaina amin'ny fiainana eto an-tany ka naneho ny fahatsorana sy fahamendrehana, ary indraindray izy izany dia hita eo ambanin'ny fisehoan'ny fitsaboana ara-

dalàna, ary indraindray ihany koa izy io dia miseho sy misitrika ao ambanin'ireo anaram-panafody nenti-paharazana, fanafody izay atao amin'ny fitsabona hoe : raokandro, na koa mety miseho amin'ny fomba fitsaboana izay nahazatra ny vahoaka amin'ny fiarahamonina iray, na koa mety miseho amin'ny endrika hafa izay mety hisehoany ihany koa izany sikidy izany, ary mety amin'ny fomba miafina amin'ireo olona izay tsy mahalala sy ireo izay tsy mahalala ny resaka fivavahana.

Ary izay rehetra nampidirina ka tafiditra ao amin'ny Bokin'ny Mofti ny fanjakan'ny firenena Arabia Saodita sy ny filohan'ny filan-kevitrin'ireo manam-pahaizana ambony izay misahana ny departemantan'ny fikarohana manokana mahakasika ireo fahalalana sy ireo fanapahan-kevitrin'i Sheikh Abdul Aziz bin Abdullah bin Baz - Allah anie hamindra fo aminy - ka anisan'ny fanazavàna sy famelabelarana ny momban'ny famoahana ny didim-pitsarana mahakasika ny momban'ny fanaovana ny famosaviana eo amin'ny fiainana ary fampitandremana mafy dia mafy ihany koa amin'ny endrika fanoherana fa ny lalana dia tsy manaiky no sady manohitra an'io amin'ny fomba hentitra dia hentitra, ary ny fandraisana ny fanapahankevitra amin'ny fandianana manantona an'ireo mpomoasy sy mpamosavy, amin'ny fomba maro sy mora, ary tsy maintsy ampiarahina amin'ny porofo ara-dalàna avy amin'ny Boky masina koroany sy ny Sounna madio

amin'ireo fomba amampanaon'i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**, ary efa nitany ireo tomponandraikitra amin'ny Minisiteran'ny raharaham-pivavahana Silamo, sy ny fanampirimana ireo harena sy fananana ary fampielezana ny antso sy toro-lalana mahakasika ny fahamarinany finoana Islamo dia nahita ny fomba famoahana sy fanamparitahana ary fanontana an'ity Boky ity.

Ary tena heverina tokoa fa ilay Bokin'ilay Manampahaizana be haja amambonahitra dia Boky misy ireo fanazavàna sy famelabelarana an'ireo didy sy fanampahan-kevitra ara-lalana sy ara-mpinoana ny mahakasika ny sikidy sy ny fanaovana ny mosavy, ary fanazavana ihany koa mahakasika ny fifandraisana amin'ireo mpamosavy sy mpanao sikidy, izany dia tafiditra ho anisany ampahan'ireo ezaka feno fitahiany sy hasoavany, ary ny fandraisany anjara be dia be tsy tapaka mihitsy amin'ny fampielezana sy fiantsoana ny olona ary vahoaka ho amin'ny tsara sy hatsarana, izy ihany koa dia maporisika ny rehetra mba hanao ny fandalinana ny amin'ny raharaha momban'ny finoana, sy manaraka antsakany sy andavany ireo fanazavana mahakasika an'ireo didy aman-dalana, ary ny fampitandremana fatratra ny amin'ny ratsy rehetra, ary mametraka ny fananarana sy manolotra ireo karazan-kevitra maro samy hafa hoan'ireo vahoaka mpanaraka ny finoana Islamo, no sady miantso azy ireo mba hitazona sy hifikitra ary hanaraka ny Boky masina

Koroany, Bokin'ny Tompo Allah, ary ny Sonna, izany hoe ireo fomba amampanaon'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**,ilay Iraka voafidin'ny Tompo Allah, ary ny fanarahana ihany koa ireo làlana izay nizoran'ireny olona marina azo antoka sy mahafatoky teo aloha ireny, ary fiatahana lavitra sy fanalavirana tanteraka ireo foto-kevitra diso sy rafi-fampianarana tsy marina no sady tsy maripototra, ary foto-pinoana diso izay mitarika ny olona sy vahoaka amin'ny lalan'ny fahaverezana.

Ary tena izao tokoa ny toe-javatra mandalo amin'ny tanàna izay nametrahany Tompo Allah haja sy vonahitra ary ireo karazam-pahasoavana maro samy hafa, ary ireo tomponandraikitra ara-mpanjakana izay mpitantana ao anatiny dia miaina sy mitazona ny fahitsina ka lasa nitazomin'ny Tompo Allah izy ireo amin'izany fahitsina izany, ary nomaniny Tompo Allah avokoa ho azy ireo ny vaholana rehetra ka nametrahany ireo anton-javatra maro samy hafa mba ho fanampiana, sy mba ahatonga ny zava-drehetra ho lavorary indrindra fa eo amin'ny lafiny fifanomezan-tanana, ary enga anie ho efain'i Tompo Allah i sheikh manampahaizana manambonahitra izay nanoratra ity Boky ity amin'ny fanefana feno valisoa lehibe.

Mangataka amin'i Tompo Allah isika sy izahay ny mba hanomezany atsika hatsarana sy tombotsoa rehetra hoan'iza na iza,mitsangana mamaky an'ity Boky ity,na koa

hoe mandre sy mahareny ny izay rehetra ao anatiny, na koa mahita sy mahatazana izay voalaza avy ao anatiny,ary enga anie mba hitarika antsika rehetra mba hifikitra sy hitazona mafy an'ilay Boky masina Koroany sy ny Sonna,ary hampiataka sy hitsimbina antsika amin'ireo fikasana ratsy aterakin'ny satana, manoloana ny lalany sy ny fombany, satria tena marina fa i Tompo Allah irery ihany no Mpiambina sy manampahefana ary mahafantatra sy mahefa ny zava-drehetra, ary Izy Tompo Allah ihany koa no mpitarika ny rehetra amin'ny lalan'ny fahamarinana izay mitovy tantana ny amin'izany,ka dia tsodrano sy fandriam-pahaleman'i Tompo Allah anie ho amin'i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)** sy ho an'ireo fianakaviany sy ireo izay rehetra mpiara-dia taminy avokoa tsy an-kanavaka.

# Ny fanampahan–kevitra sy fe–petra raisina mahakasika ny sikidy sy mpomoasy ary ireo zavatra rehetra mifandray amin'izany [1]

Dera sy vonahitra ary fisorana feno fankasitrahana no hatolotra an'i Tompo Allah ilay tokana tsy manam-paharoa, ary tsodrano sy fahobiazana ary fandriam-pahalemana koa anie ho an'ilay tsy misy intsony ny mpaminany izay ho tonga avy ao aoriany, ka dia aorian'izany dia ny hoe :

Ka noho ny fahitana sy fijerevana ny hamaroan'ireo olona mpamosavy izay tsy mitsahatra manao ny asan'ny famosaviana taty afara taty, tamin'ny fotoana faraparany ka milaza tena ho manampahalalana ara-tsiansa izy ireo sy mpitsabo amin'ny alalan'ny sikidy asa mazika, ka dia lasa niparitaka any amin'ny firenena maro samy hafa ihany koa izany, ary lasa nametraka fanararaotana ny amin'izany izy ireo amin'ireo olona tsy manam-pahalalana izay mety ho voarebirebin'izy ireo ka ny Tenako dia nahita fa anisany toro-hevitra sy fananarana tsara indrindra dia fananarana miainga avy amin'ny Tompo Allah sy avy amin'ireo mpanompony no ho entiko mba hanazavako ny loza lehibe izay mitatao aterak'izany amin'ny finoana Islamo sy ny

amin'ireo vahoaka mpino mpanaraka ny finoana Islamo,nohon'ny ireo zava misy mametraka ny fifandraisana sy firaiketam-po amin'ireo zavaboary sy zavatra hafa ankoatran'ny Tompo Allah ilay avo Tsitoha ary ireo fanoherana sy fandikana ireo didy aman-dalanan'ny Tompo Allah sy ny baiko izay napetran'ilay Irany mahafatoky i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**.

Ka hoy aho eto milaza no sady miaraka amin'ny fanampian'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha, fa hoe : azo atao sy ekena ny fitsabona izay efa nametrahan'ny rehetra fanekena sy fifanarahana ka tsy mitsipaka ny lalana ara-mpinoana, ary ny mpino Silamo dia mety no sady mahazo manantona ireo mpitsabo, ireo dokotera mahalala sy manampahalalana ny aretina anatiny sy ny fandidiana na koa ny nerolojia, na koa ny ankoatran'izany, fa ny olona izay mahalala sy mahafantatra ny aretiny kosa dia mahazo alalana izy ny hitsabo tena amin'izay fanafody hita fa fantany fa mifanaraka amin'izany aretina izany fa ny fepetra takina fotsiny amin'izany dia mila ireo fanafody eken'ny lalàna ara-tsiansa mahakasika ny fitsaboana ; Satria izany dia resaka fandraisana sy fampiasa an'ireo fomba mahazatra izay tsy mifanohitra akory amin'ny fametrahana toky sy fahatokisana an'i Tompo Allah, ary i Tompo Allah ilay avo Tsitoha dia efa nandefa sy nampidina ny aretina no sady nampidina niaraka amin'izany ihany koa ireo fanafody fanasitranana ka mahalala sy mahafantatra an'izany ireo

izay manampahalalana azy ary tsy mahalala kosa ireo izay tsy mahalala, fa i Tompo Allah ilay be vonahitra dia tsy nanao fanasitranana ho an'ireo mpanompony tamin'ireo zavatra haramo izay efa nandrarany azy ireo.

Tsy azo atao ny marary ny mandia sy mankany amin'ireo pretra izay milaza sy manao antso avo fa mahalala ny zavatra miafina ka hampafantatra sy hampahalala azy ireo ny aretiny ilay marary, toy ny voalaza ihany koa fa tsy azo atao ny mino sy manaiky ary manaraka ireo zavatra rehetra izay nolazain'izy ireo amin'ilay marary, Satria izy ireo dia miteny sy miresaka sahalany ireo olona manao fitoraham-bato miafina amin'ny endrika tsy hita, na koa miantso ireo Djiny izy ireo mba ho tonga ahafahan'izy ireo hametraka ny fangatahana sy fanampiana ary hilaza ireo hetahetam-pon'izy ireo amin'ireo Djiny, ka ny fanampahan-kevitra noraisina izay hita fa mifanaraka amin'ireo olona ireo dia ny hoe : izy ireo dia mpikomy ary tena very làlana raha toa ka mahasahy milaza fa mahalala ny zavatra miafina, araka ny fanambarana voalaza ao amin'ny bokin'ny Moslimo fa i Mpaminany **(s.w.a)** dia nilaza ka nanao hoe : (na iza na iza ny olona mahasahy ka nanantona ireo mpampizaha (mpisikidy) avy eo dia nanontany azy zavatra dia lazaina fa efa tsy voaray intsony manoboka eo ny vavaka sy ny fanompom-pivavahana soalat izay ataony mandritran'ny efa-polo andro) Niteny Abo Horairah **(Rd)**, fa i Mpaminany **(s.w.a)** dia nilaza ka nanao hoe : (na iza na iza ny olona

nanantona ireo mpisikidy avy eo dia nino azy amin'izay zavatra rehetra nolazainy dia efa lazaina io olona io fa nikomy amin'ireo zavatra rehetra nidina sy nahidina tamin'ny Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**. Voarakitra ao amin'ny Abo Daoud **(R.h)** ary voarakitra ihany koa ao amin'ireo mpitatitra ny sonnat efatra, ary namarinin'i Hàkim fa izany tokoa no voalaza avy amin'ny Mpaminany **(s.w.a)**, araka ny teny hoe : (Na iza na iza sahy manantona an'ireo mpampizaha sy mpisikidy avy eo dia nino azy ireo amin'ny zavatra rehetra nolazain'izy ireo dia efa lazaina avy hatrany ireo olona ireo fa nikomy sy nitsipaka an'izay zavatra rehetra nidina sy nahidina tamin'i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**. Ary Imràny ibn Hossainy **(R.d)** Niteny fa Niteny ilay Irakan'i Tompo Allah **(s.w.a)** ka nanao hoe : (Tsy anisan'ny mpiara-dia aminay hoy Mpaminany **(s.w.a)** ireo olona izay tia mandray zavatra amin'ny lafiny ratsy, na koa asaina mino sy manaiky an'izany lafin-javatra ratsy izany, satria matetika ny fomban'ireo vahoaka Arabo teo aloha, rehefa manoraka ny vorona izy ireo ka ny vorona izay nitorahina raha mitily amin'ny lafiny an-kavanana dia lasa heverin'izy ireo fa tsara ny diany, fa raha mitilina amin'ny lafiny an-kavia kosa dia lasa heverin'izy ireo fa ratsy ny diany, na koa lasa manao moasy na mino ireo asan'ireo moasy, na manao sikidy ka mino ireo zavatra mahakasika ny sikidy, ka na iza na iza ireo olona izay manantona ny mpomoasy ka nino sy nanaiky azy sy ny zavatra rehetra izay nolazainy dia efa tsarainy lalana io olona io fa mpikomy

an'izay rehetra nidina sy nampidinina tamin'i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**. Voarakitra ao amin'ny Bazzar **(R.h)** amin'ny tatitra tsara Ka amin'ireo Hadithe manan-kaja sy manambonahitra ireo dia voarara ny manatona sy mandeha any amin'ireo olona mpanao asa fampizahana,izany hoe mpampizaha na koa mpamosavy na koa mpisikidy,ary mpanao ny fanafody ratsy, sy ireo izay mety mitovy tantana amin'izy ireo,ary voarara fa tsy azo atao ny manotany azy ireo na koa mametraka fitokisana amin'izay rehetra nolazain'izy ireny, Satria ny fampanantenana amin'ny endrika ratsy no miandry azy ireo ny amin'izany asa izany, ka obligatoara sy tsy maintsy ary tena tokony tokoa amin'ireo olona tompon'andraikitra islamika na koa ireo Olona manampahalalana sy mpandray andraikitra islamika sy ny ankoatr'azy ireo ihany koa indrindra fa ireo izay manana fahefana ka afaka manakana sy maneho fankahalana ny fandehanan'ny olona amin'ireny mpimasy sy mpampizaha ary mpnao sikidy sy fanafody ratsy, sy ireo izay ankoatr'izany ihnay koa, dia tokony hitsangana hanao an'izany fisakanana izany, ary tokony handrara sy hisakana ihany koa ireo fifanakalozana izay fataon'izy ireny any an-tsena,ary dia tena tokony hankahala no sady tsy hametraka fankatoavana velively mihitsy ny amin'izany na dia kely aza, ary tena tokony toherina an-kitsirano mihitsy ny fandehanana amin'izy ireny. Tsy azo atao ny mamitaka azy manoloana ny fahamarinan'izy ireo, mahakasika ny raharaha sasany, na amin'ny lafiny

hamaroan'ireo olona izay tonga manantona azy ireo, satria tena tsy manam-pahalalana izy ireo, ary tsy avela ho fitahin'izy ireo ny olona ny amin'izany asa izany. Satria ilay Iraka mahafatokin'i Tompo Allah **(s.w.a)** no efa nandrara sy ny sakana ny fandehanana amin'izy ireo, na koa mangataka amin'izy ireo, na mino sy manaiky izay zavatra nolazain'izy ireo, nohon'ny fisiany ireo haratsiana lehibe fonosiny izany asa izany, sy fisiany loza lehibe mianjady amin'ny vatana ary ny vokatra mahatsiravina izay mety hiseho sy hitranga, ary satria izany rehetra izany dia lainga miharihary tsy azo afenina Tahakan'ny marina tokoa fa ao anatin'ireo Hadithe ireo dia misy ireo porofo milaza ny tsy fananan'ireo mpimasy sy ireo mpisikidy ny finoana,fa izy ireo dia mpikomy avokoa,satria izy ireo dia manao antso avo milaza fa mahalala ny zavatra miafina ka izany dia tena fikomiana miharihary, ary satria ihnay koa fa izy ireo dia tsy afaka mahatratra ny tanjon'izy ireo raha tsy mangataka ny fanampiana amin'ireo Djiny sy maneho ny fanompoana azy ireo,ankoatran'ny fanompoana an'i Tompo Allah, ka izany ihany koa dia fikomiana sy tsy finoana an'i Tompo Allah,ary tafiditra ho fanompoan-tsampy sy fanakambanana an'i Tompo Allah amin'ny zavatra hafa,nefa dia Voninahitra manalavitra ny hajany izany rehetra izany,ka izay olona mino sy manaiky ny fomba fiheveran'izy ireny manoloana ny antso mahakasika ny fahalalana ny zavatra miafina dia efa lazaina fa mitovy tahakan'izy ireny ihany koa, ka izay rehetra mandray sy mifanome ary manatanteraka an'izany

dia efa lazaina fa manalavitra azy ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah **(s.w.a)**. Ary tena tsy azo ataon'ireo vahoaka mpino mpanaraka ny finoana Islam ny milefitra miambany ary mankato izay rehetra lazainy ireo mpimasy fa fitsamboana na koa fanafody avy aminy amin'ny endrika maro isan-karazany, toy ny fanaratsiana azy manoloana ny amin'ny aody ratsy na ny fanorahana bala sy ny resaka angano hafa izay ataon'izy ireo, satria izany rehetra izany dia fomban'ny mpomoasy sy fomba famitahana ny olona, ka izay mankato sy mametraka ny fankatoavana amin'izany asa ratsy izany dia efa tafiditra ho anisan'ireo olona nanampy azy tamin'izany laingany sy fitaka ary fikomiana amin'ny endrika tsy finoana izany. Tahak'izany ihany koa fa ny lalana dia manakana fa tsy azo ataon'ny vahoaka mpanaraka ny finoana Islam na dia iray aza ny mandeha manatona ny toerana misy azy ireny ka hametraka fanotaniana amin'izy ireo manoloana ny zavatra toy ny hoe : iza no olona mety ampanambadian'olona an'ny zanany na ny fianakaviany na koa ny zavatra mety handalo sy mahakasika ny olona mpivady sy ireo ankohonany amin'ny resaka fitiavana,sy ny famalian-tsoa na koa ny ady sy fampifahavaloana.

ary ny fisarahana sy ireo zavatra mitovy tantana amin'izany; satria izany dia anisan'ireo zava-drehetra tafiditra amin'ireo fahalalana miafina izay tsy misy mahalala

sy mahafantatra an'izany afa-tsy i Tompo Allah irery ihany ilay avo tsitoha.

Ny sikidy dia anisany ireo zavatra fady sy mamoam-pady no sady haramo ary tafiditra ihany koa amin'ireo asa fikomiana, arakan'ny teny izay nolazain'i Tompo Allah mahakasika ireo Anjely roa voarakitra ao amin'ny Sourate al-Bakarat

﴿...وَمَا يُعَلِّمَانِ مِنْ أَحَدٍ حَتَّىٰ يَقُولَآ إِنَّمَا نَحْنُ فِتْنَةٌ فَلَا تَكْفُرْ ۖ فَيَتَعَلَّمُونَ مِنْهُمَا مَا يُفَرِّقُونَ بِهِۦ بَيْنَ ٱلْمَرْءِ وَزَوْجِهِۦ ۚ وَمَا هُم بِضَآرِّينَ بِهِۦ مِنْ أَحَدٍ إِلَّا بِإِذْنِ ٱللَّهِ ۚ وَيَتَعَلَّمُونَ مَا يَضُرُّهُمْ وَلَا يَنفَعُهُمْ ۚ وَلَقَدْ عَلِمُوا۟ لَمَنِ ٱشْتَرَىٰهُ مَا لَهُۥ فِى ٱلْـَٔاخِرَةِ مِنْ خَلَٰقٍ ۚ وَلَبِئْسَ مَا شَرَوْا۟ بِهِۦٓ أَنفُسَهُمْ ۚ لَوْ كَانُوا۟ يَعْلَمُونَ ١٠٢﴾ [البقرة: 102]

**{ Ary tsy nampianatra olona velively mihitsy izy roa raha tsy efa niteny hoe : “ Tena marina fa izahay dia fakam-panahy, ka aoka tsy hikomy an’i Tompo Allah ianao ”. fa izy ireo dia mianatra amin’izy roa, ireo fomba rehetra izay mety ho fampisarahana ny lehilahy amin’ny vadiny, ary anefa dia tsy mandaitra no sady tsy mahavoa ratsy amin'ny olona akory izy ireo manoloana an'izany aody ratsy sy asa ratsy izany raha tsy efa nahazo alàlana avy amin’i Tompo Allah angambany izy ireo, ary izy ireo dia hita fa mianatra ireo zavatra izay manimba azy ireo ihany, fa tsy zavatra mitondra soa na tombotsoa ho azy ireo, ary**

**efa tena fantatr'izy ireo tsara fa izay olona rehetra nametra-tsafidy ka nahasahy nividy na nanakalo ny tenany ny amin'izany dia lazaina fa tsy hanana anjarany intsony izy amin'ny fiainana any an-koatra, ary tena zava-doza sy zava-dratsy tokoa no natakalon'izy ireo ny vatatenan'izy ireo, raha mba nahafantra an'izany izy ireo ! }**[1]

Voaporofo avy amin'ny alalan'ireo andian-tsoratra masina ireo fa ny sikidy sy ny asa fanaovana sikidy dia fikomiana ary ny mpisikidy dia tafiditra ho anisan'ireo mpampisaraka ny olona eo amin'ny fiarahamonina, eo amin'ny lehilahy sy ny vadiny, ary dia mbola nasehony ihany koa amin'ny alalan'ny porofo fa ny sikidy dia zavatra tsy mandaitra no sady tsy misy fiantraikany na koa an-tombony na fahavoazana amin'ny tenany olona iray, fa mety misy akony manokana eo amin'ny fahazoan-dàlana amin'ny endrika voajanahary na koa efa voatendrin'i Tompo Allah, satria i Tompo Allah ilay avo Tsitoha no nahary sy nanamboatra ary nanao ny tsara sy ny ratsy, ary lehibe sy goavana tokoa ny voka-dratsy aterakin'ny asa fanaovan-tsikidy ary mafy no sady hentitra tokoa ny resaka mankàny amin'ireo mpandainga izay nandova ny fahalalan'ireo mpampikambana an'i Tompo Allah amin'ny zavaboary hafa,

---

[1] Sourate al-Baqarat Andininy: 102

ka lasa tena saroman'izy ireny avokoa ny sainan'ireny olona hita fa marefo fomba ffisainana, ary tena marina tokoa fa isika rehetra dia an'i Tompo Allah ary any Aminy ihany koa no mbola hiverenantsika, ary i Tompo Allah irery ihany no efa mahampy anay no sady mpiahy ary mpandraharaha tsara lavorary indrindra. Ary tahakan'ireo andiany soratra masina ireo ihany koa izay milaza fa izay rehetra mianatra ny asan-tsikidy dia tsy mianatra afa-tsy ireo izay manimba azy ireo ihany ary tsy mitondra soa sy hasoavana azy ireo izany na dia kely aza, ary tsy mahazo zavatra na manana inona na inona ho raisina amin'i Tompo Allah izy ireo no sady tsy mahazo anjara Aminy na dia inona aza izy ireo, ka izany dia fampitandremana entitra ary fandrahonana lehibe izay manambara ny hamafisan'ny fahavoazan'izy ireo sy fatiantoka mianjady amin'izy ireo eto an-tany sy any an-koatra, ary tena efa nivarotra ny tenan'izy ireo tamin’ny vidiny farany ambany indrindra izy ireo, ka noho izany no nahatonga an’i Tompo Allah nananatra azy ireo amin'ny ratsy, ka hoy Tompo Allah ilay avo Tsitoha nanao hoe :

﴿... وَلَبِئۡسَ مَا شَرَوۡاْ بِهِۦٓ أَنفُسَهُمۡۚ لَوۡ كَانُواْ يَعۡلَمُونَ١٠٢﴾ [البقرة: 102]

**{Ary tena zava-doza sy ratsy tokoa no natakalon'izy ireo sy nandafosan'izy ireo ny vatatenan'izy ireo, raha mba nahafantra an'izany izy ireo}**[2]

Ary ny fividianana eto dia midika hoe famarotana.

Mangataka amin'i Tompo Allah isika mba ahazo fahafahana sy fiarovana amin'ny faharatsian'ny asan'ireo olona mpamosavy sy ireo mpisikidy ary ireny mpisoloky hafa ihany koa, torak'izany koa no mbola angatahatsika amin'ny Tompo Allah ilay avo Tsitoha ny mba hiaro ny vahoaka mpino mpanaraka ny finoana Islam amin'ny faharatsiana aterakan'izy ireny, ary ny mba hanampy sy hanome anjaram-panekena an'ireo mpitondra vahoaka Islam mba ahavita hitandrina sy hampitandrina ny olona amin'izy ireny, ary hampihatra ihany koa ny fitsarana arakan'ny fitsipi-dalànan'i Tompo Allah izay mifanaraka sy sahaza amin'izy ireny, mba ahafahan'ireo olona sy ireo mpanompon'ny Tompo Allah miala sy miataka lavitra an'ireo karan-doza sy ny asa ratsin'izy ireny, satria tena marina fa i Tompo Allah dia Tompo be fanomezana sy malala-tànana.

Efa nataony Tompo Allah, ilay be voninahitra avokoa anie ireo lalàna mamehy ireo mpanompony izay napetrany ho

[2] Sourate al-Baqarat Andininy: 102

fiarovana azy ireo amin’ny faharatsian’ny herin’ny maizina alohan’ny hitrangan’izany, ary efa nazavainy Tompo Allah ilay be voninahitra tamin'izy ireo ihany koa ny fomba rehetra izay mety hatao sy entina hitsamboana sy hanasitranana an'izany asany maizina izany raha toaka sendra miseho sy mihatra amin'ny olona iray, napetrany izany noho ny famindram-po avy Aminy izay miantefa ho azy ireo, ary i Tompo Allah dia hanome sy hahatanteraka ny hatsarany sy ny fahasoavany ho azy ireo, ary hameno amin'izy ireo ihany koa ny fahasambarany amin'ny endrika feno.

ary ny manaraka ihany koa dia ny fanazavana ireo rehetra teo aloha, manoloana an'ireo zavatra izay ahafahana miaro tena amin'ny vokatra izay aterakin'ny haratsian'ny sikidy alohan'ny ahatongavany sy hisehoany, ary ireo zavatra izay ahafahana mitsabo an'izany ihany koa aorian'ny fahavoazana amin'ireo fomba mety ara-lalana sy amin'ny endrika ara-dalàna.

Fa raha ny mahakasika ny fiarovana amin'ireo loza izay ateraky ny asa fanaovan-tsikidy eo alohan'ny hitrangan'izany, dia hita fa ny tena zava-dehibe no sady mahasoa ny amin'izany dia ny fanaovana sy fanamafisana tsara ireo fahatsiarovana ara-pinoana sy mitalao amin'ny Tompo Allah ary manao an'ireo fangatam-piarovana rehetra izay voalaza no sady mari-pototra, ka dia tafiditra ao anatin'izany ny famakiana ny Ayat al-korsy isakany avy

manao ireo Soalat izay voadidy fa tsy maintsy atao in-dimy isanandro, ka rehefa aorian'ny fanaovana ny Zikiry sy amin'ny fotoana vita salam, ary anisan'izany ihany koa ny famakiana azy alohan'ny matory, satria ny Ayat al-korsy no andininy soratra masina lehibe indrindra ao amin'ny Boky masina Koroany ary izao no teny nolazain'i Tompo Allah fa hoe :

﴿ٱللَّهُ لَآ إِلَٰهَ إِلَّا هُوَ ٱلۡحَيُّ ٱلۡقَيُّومُۚ لَا تَأۡخُذُهُۥ سِنَةٞ وَلَا نَوۡمٞۚ لَّهُۥ مَا فِي ٱلسَّمَٰوَٰتِ وَمَا فِي ٱلۡأَرۡضِۗ مَن ذَا ٱلَّذِي يَشۡفَعُ عِندَهُۥٓ إِلَّا بِإِذۡنِهِۦۚ يَعۡلَمُ مَا بَيۡنَ أَيۡدِيهِمۡ وَمَا خَلۡفَهُمۡۖ وَلَا يُحِيطُونَ بِشَيۡءٖ مِّنۡ عِلۡمِهِۦٓ إِلَّا بِمَا شَآءَۚ وَسِعَ كُرۡسِيُّهُ ٱلسَّمَٰوَٰتِ وَٱلۡأَرۡضَۖ وَلَا يَـُٔودُهُۥ حِفۡظُهُمَاۚ وَهُوَ ٱلۡعَلِيُّ ٱلۡعَظِيمُ ٢٥٥﴾ [البقرة: 255]

**{ Allah ! Tsy misy Tompo Zanahary afa-tsy Izy ihany,Izy ilay velona mandrakizay, "Al-Kaiom" Mpanangana ny rehetra.Tsy mba azon-tory na rendremana na kely aza Izy,ary tsy mba matory mihitsy,Azy irery ihany ny izay rehetra any amin'ireo lanitra sy izay rehetra eto an-tany. ka Iza no manana fahefana hanelanelana eo anatrehany,raha tsy izay nahazo alalana avy Aminy ihany ? Izy Tompo Allah no Mahalala izay rehetra eo alohan'izy ireo sy izay rehetra ao aorian'izy ireo,ary tsy mahafehy na dia kely aza amin'ny fahalalàny izy ireo afa-tsy izay sitrany,midadasika Manerana ireo lanitra sy ny tany ny seza fiandrianany,ary tsy**

**manahirana Azy na dia kely aza ny fiarovana azy roa ireo,ary Izy ilay Avo indrindra,ilay Lehibe indrindra.}**[3]

Ary tafiditra ho anisany vakina amin'izany dia ny famakiana :

﴿قُلۡ هُوَ ٱللَّهُ أَحَدٌ ١﴾ [الإخلاص: 1]

**{qol howallàho Ahad }**[4]

ary

﴿قُلۡ أَعُوذُ بِرَبِّ ٱلۡفَلَقِ ١﴾ [الفلق: 1]

**{qol Aonzo birabbil falaq }**[5]

Ary

﴿قُلۡ أَعُوذُ بِرَبِّ ٱلنَّاسِ ١﴾ [الناس: 1]

**{ qol aonzo birabbin-nàs }**[6]

---

3 Sourate al-Baqarat Andininy: 255

4 Sourate al-Ikhlas Andininy : 1

5 Sourate al-Falaq Andininy : 1

6 Sourate an-Nàs Andininy : 1

aorian'ny fanaovana ny Soalat izay voadidy rehetra fa tsy maintsy atao ka ny famakiana an'ireo sorate telo ireo ka ny famerenana azy in-telo amin'ny fiandohan'ny andro aorian'ny Soalat Fajr sy amin'ny fiandohan'ny alina aorian'ny Soalat Maghrib ary amin'ny fotoana hatoriana ka dia tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny famakiana ireo andininy soratra masina roa amin'ny faran'ny Sorate Al-Bakarat amin'ny fiandohan'ny alina izay lazain'ny Tompo Allah ilay avo Tsitoha fa hoe :

﴿ءَامَنَ ٱلرَّسُولُ بِمَآ أُنزِلَ إِلَيۡهِ مِن رَّبِّهِۦ وَٱلۡمُؤۡمِنُونَۚ كُلٌّ ءَامَنَ بِٱللَّهِ وَمَلَٰٓئِكَتِهِۦ وَكُتُبِهِۦ وَرُسُلِهِۦ لَا نُفَرِّقُ بَيۡنَ أَحَدٖ مِّن رُّسُلِهِۦۚ وَقَالُواْ سَمِعۡنَا وَأَطَعۡنَاۖ غُفۡرَانَكَ رَبَّنَا وَإِلَيۡكَ ٱلۡمَصِيرُ٢٨٥﴾ [البقرة: 285]

**{ Ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah dia nino sy nanaiky izay rehetra nampidinina taminy satria izany rehetra izany dia avy tamin’ny Tompony Allah,ary ireo vahoaka mpino,manampinoana dia samy nino an’i Tompo Allah avokoa izy rehetra,ary izy ireo dia nino an'ireo Anjelin'ny Tompo Allah sy ireo Bokiny,ary ireo Irany maro tsy ankanavaka, ka hoy izy ireo nilaza sy niteny hoe : “ Izahay dia tsy manavaka na dia iray aza amin’ireo Irany Tompo Allah fa ny rehetra dia hinoanay avokoa ” Ary niteny izy ireo amin'ilay fiteny “ Naheno sy nankatò tokoa izahay ”,ka mangataka ny famelan-keloka avy Aminao izahay ry Tomponay Allah ô ! ary any**

**Aminao no fiverenana amin'ny farany.}**[7] Ka hatramin'ny farany ilay Sourate.

Ary efa marina tamin'ny tatitra izay mari-pototra azo avy tamin'ny Mpaminany **(s.w.a)** fa Izy dia niteny ka nanao hoe : (Izay namaky Ayat Al-korsy amin'ny andro alina dia tsy mitsahatra izy ho ao anatiny fiarovan'i Tompo Allah, ka tsy misy satana afaka hanantona azy mandra-pahatongavan'ny andro maraina) Ary marina no sady mari-pototra ihany koa avy amin'ny Mpaminany **(s.w.a)** fa Izy tokoa dia niteny hoe : (Izay namaky andinin'ny roa farany ao amin'ny Sourate Al-Bakarat amin'ny andro alina dia lazaina fa efa mahampy azy izany) Ny dikany dia i Tompo Allah no mahafantatra : Izy no niaro sy namonjy azy tamin'ny ratsy rehetra, ary tamin'izany no nanabetsahana maro ny fialofana amin'ny teny hoe : " Ao'zo bikalimàtillahit tàmmàty min sharry mà khalaq " midika hoe : ( mangataka fiarovana amin'ny alalan'ny tenin'i Tompo Allah izay tonga lafatra amin'ny faharatsian'ny zavatra rehetra izay noforoniny) ka amin'ny alina sy mandritra ny andro no fotoana hamakiana sy hanaovana an'izany, ary rehefa midina ihany koa any amin'ireo toerana rehetra ao amin'ny trano fonenana, na any amin'ny kala manjana, na eny anabakabaka na an-dranomasina, araka ny tenin'ny

[7] Sourate al-Baqarat Andininy : 285

Mpaminany **(s.w.a)** manao hoe : ( Izay olona tonga na midina amin'ny trano na toerana iray ka miteny sy milaza manao hoe : Mangataka fiarovana amin'ny Tompo Allah aho amin'ireo teny feno sy hampy izay volazainy manoloana an'ireo ratsy rehetra amin'ireo zava-boary nohariany, ka tsy hisy loza na zavatra ratsy ahazo sy hanjo azy amin'ilay toerana izay nidinany mandra-pialany sy hiangany amin'izany toerana izany ) Ka anisan'ny izany dia hiteny sy hilaza ihany koa ny mpino silamo amin'ny voalohan'ny andro maraina sy voalohan'ny andro amin'ny alina dia atao sy averina in-telo izany teny izany ka manao hoe : (Amin'ny anaran'i Tompo Allah,izay tsy misy no sady tsy mihatra ary tsy mandaitra miaraka amin'ny anarany velively eto an-tany na koa any an-danitra ny loza sy ny haratsiana, ary Izy tokoa no Tompo maheno indrindra sy mahalala ny zava-drehetra) Ka nohon'ny fahamarinana sy fampirisiana izay avy amin'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah **(s.w.a)**, satria dia izany tokoa no anisan'ny antony hisiany fahafahana amin'ny ratsy rehetra. Ka ireo Zikr na fahatsiarovana an'ny Tompo Allah sy ny fanaovana Doa amin'ny lafiny fangatahana fiarovana ka izany rehetra izany dia tafiditra ho anisan'ireo fomba lehibe indrindra izay ahafahana miala tanteraka amin'ny faharatsian'ny asan-tsikidy sy ny zava-dratsy hafa ihany koa, ka izany dia natao ho an'ireo izay mila sy mitady ny hiaro ny tenany amin'ny alalan'ny fo madio sy ny finoana ary fahatokisana fatratra an'i Tompo Allah manoloana ny fianteherana Aminy,

manoloana ny zava-drehetra,ary ny fisokafam-po dia porofo manamarina amin'izay rehetra lazainy, ary izany dia tafiditra ho anisan'ireo fitaovam-piadiana lehibe izay entina ampiasaina amin'ny lafiny fiarovana mba hanalana ny sikidy aorian'ny filatsahany sy fahatongavany, miaraka amin'ny habetsahany fomba fambaniana sy fitalahoana amin'i Tompo Allah, ary maneho ny fangatahana Aminy ilay avo Tsitoha ny mba hialany ilay loza sy ny ratsy rehetra. Ary anisan'ireo fangatahana sy fahatsiarovana mari-pototra no sady azo an-toka avy amin'i Mpaminany **(s.w.a)** manoloana ny fitsaboana an'ireo aretina azo avy amin'ny vokatran'ny sikidy sy voriky ary ny ankoatr'izany, satria i Mpaminany **(s.w.a)** dia efa nitsabo ireo mpiara-dia taminy amin'ilay teny hoe : (Tompo o !, Tompon'ny olombelona, esory ny ratsy, ary sitrano fa lanao no mpanasitrana, ka tsy misy fahasitranana afa-tsy fahasitranana avy Aminao, fahasitranana izay tsy mamela intsony ny aretina ao amin'ilay marary) Ka izany dia tenenina in-telo mian-toana, ary ny Rokiat dia anisany fitsaboana izay nataon'ny Anjely Jibrily **(A.s)** tamin'i Mpaminany **(s.w.a)**, amin'ilay teny manao hoe : ( Amin'ny anaran'i Allah no hitsaboako Anao amin'ireo zavatra rehetra mampijaly Anao, amin'ny haratsian'ny vatatena, na koa ireo maso sy fomba fijery feno fialonana, hanasitrana Anao tokoa anie i Tompo Allah, ka amin'ny Anaran'i Tompo Allah no hitsaboako Anao) Ary tokony haverimberina in-telo ny fanaovana an'izany. Ary anisany fitsaboana ny aretina azo avy amin'ny resaka

fanafody ara-tsikidy aorian'ny fisehoany ihany koa, dia ny fitsaboana izay hita fa mahasoa sy mahomby ho an'ny lehilahy iray raha toa ka misy sakana izay tsy ahafahany mahazo manao firaisana ara-nofo amin'ny vadiny, dia mahazo maka ravina mokonazy maitso miisa fito izy, avy eo dia totoiny sy torotoroiny amin'ny vato na amin'ny zavatra hafa izany, ary avy eo dia ataony ao anaty vilia na zinga na fitoeran-javatra iray, dia ahidina rano eo amboniny, rano izay mahampy sy mahavita isehana, avy eo dia vakina ao amin'izy rehetra ireo ny soratra masina hoe : Ayat al-Korsi sy

﴿قُلۡ يَٰٓأَيُّهَا ٱلۡكَٰفِرُونَ١﴾ [الكافرون: 1]

{qol yà ayyohal kàfirona}[8],

﴿قُلۡ هُوَ ٱللَّهُ أَحَدٌ١﴾ [الإخلاص: 1]

ary { qol howallàho Ahad }[9],

﴿قُلۡ أَعُوذُ بِرَبِّ ٱلۡفَلَقِ١﴾ [الفلق: 1]

---

[8] Sourate al-Kàfirona Andininy : 1

[9] Sourate al-Ikhlas Andininy : 1

{ qol Aonzo birabbil falaq}[10],

﴿قُلۡ أَعُوذُ بِرَبِّ ٱلنَّاسِ ١﴾ [الناس: 1]

ary {qol aonzo birabbin-nàs}"[11]

, ary ireo andininy soratra masina hafa ihany koa izay misy fifandraisana amin'ny raharaha momban'ny asan-tsikidy izay ao amin'ny Sorate Al-A' raf, dia ilay tenin'i Tompo Allah, Voninahitra anie ho Azy irery ihany.

﴿۞ وَأَوۡحَيۡنَآ إِلَىٰ مُوسَىٰٓ أَنۡ أَلۡقِ عَصَاكَۖ فَإِذَا هِيَ تَلۡقَفُ مَا يَأۡفِكُونَ ١١٧ فَوَقَعَ ٱلۡحَقُّ وَبَطَلَ مَا كَانُواْ يَعۡمَلُونَ ١١٨ فَغُلِبُواْ هُنَالِكَ وَٱنقَلَبُواْ صَٰغِرِينَ ١١٩﴾ [الأعراف: 117-119]

**{Ary nolazainay tamin'i Mosesy hoy Tompo Allah fa hoe : " Atsipazo ny tehina eo Aminao ", ka indro fa lasa noraisiny ka natelina avokoa izay rehetra fitaka sy lainga noforonin'izy ireo. ka dia niharihary ny marina sy ny fahamarinana, ary foana sy rava avokoa ny asa izay nataon'izy ireo hatramin'izay, ka**

[10] Sourate al-Falaq Andininy : 1

[11] Sourate an-Nàs Andininy : 1

**tamin’izany àry dia resy ary babo izy ireo, ka dia lasa nihetry sy nivadika.}**[12],

Ary ireo andininy ao amin'ny Sourate Younous, izany dia Tenin'ny Tompo Allah manao hoe :

﴿وَقَالَ فِرۡعَوۡنُ ٱئۡتُونِي بِكُلِّ سَٰحِرٍ عَلِيمٖ ٧٩ فَلَمَّا جَآءَ ٱلسَّحَرَةُ قَالَ لَهُم مُّوسَىٰٓ أَلۡقُواْ مَآ أَنتُم مُّلۡقُونَ ٨٠ فَلَمَّآ أَلۡقَوۡاْ قَالَ مُوسَىٰ مَا جِئۡتُم بِهِ ٱلسِّحۡرُۖ إِنَّ ٱللَّهَ سَيُبۡطِلُهُۥٓ إِنَّ ٱللَّهَ لَا يُصۡلِحُ عَمَلَ ٱلۡمُفۡسِدِينَ ٨١ وَيُحِقُّ ٱللَّهُ ٱلۡحَقَّ بِكَلِمَٰتِهِۦ وَلَوۡ كَرِهَ ٱلۡمُجۡرِمُونَ ٨٢﴾ [يونس: 79-82]

**{ Ary hoy i Faraona,niteny izy ka nanao hoe : “ Mba ento aty amiko avokoa ny mpanao majika rehetra,ireny izay tena farany mahay ” ka rehefa tonga ary ireo mpanao majika, dia hoy i Mpaminany Mosesy (A.s) tamin'izy ireo nanao hoe : “ Atsipazo àry izay atsipinareo ” ka nony rehefa nanipy izy ireo,dia hoy i Mpaminany Mosesy (A.s) tamin'izy ireo nanao hoe : “ tena Majika tokoa no nataonareo sy zavatra noentinareo,ka hofohanan’i Tompo Allah izany no sady ravainy ary ho potehiny,satria dia hamafisina etoana,fa tsy misy asa mahomby mihitsy hataon’ireo fa zatra mpanimba, ary marina no sady hampamarinin'ny Tompo Allah ny teniny no sady**

[12] Sourate al-Anraf Andininy : 117-119

**hampandreseny ihany koa, nohon'ireo karazan-tenin'ny fahamarinana maro samy hafa, na dia hoe mankahala an'izany aza ireo olo-meloka sy ireo olon-dratsy.}**[13]

Ary ireo Andininy ao amin'ny Sourate Taha :

﴿قَالُواْ يَٰمُوسَىٰٓ إِمَّآ أَن تُلۡقِيَ وَإِمَّآ أَن نَّكُونَ أَوَّلَ مَنۡ أَلۡقَىٰ ٦٥ قَالَ بَلۡ أَلۡقُواْۖ فَإِذَا حِبَالُهُمۡ وَعِصِيُّهُمۡ يُخَيَّلُ إِلَيۡهِ مِن سِحۡرِهِمۡ أَنَّهَا تَسۡعَىٰ ٦٦ فَأَوۡجَسَ فِي نَفۡسِهِۦ خِيفَةٗ مُّوسَىٰ ٦٧ قُلۡنَا لَا تَخَفۡ إِنَّكَ أَنتَ ٱلۡأَعۡلَىٰ ٦٨ وَأَلۡقِ مَا فِي يَمِينِكَ تَلۡقَفۡ مَا صَنَعُوٓاْۖ إِنَّمَا صَنَعُواْ كَيۡدُ سَٰحِرٖۖ وَلَا يُفۡلِحُ ٱلسَّاحِرُ حَيۡثُ أَتَىٰ ٦٩﴾ [طه: 65-69]

**{Hoy izy ireo niteny hoe : “ Ry Mosesy (A.s), na ianao no hanipy, na izahay no hanipy voalohany ? ”. Hoy izy (Mosesy A.s ) hoe : “ Atsipazo àry ny any aminareo ”. dia indro ny tadin’izy ireo sy ny tehiny, fa toa mandady, vokatry ny majika, ka nahatsiaro nisy tahotra avy hatrany ny tao anatiny i Mpaminany Mosesy (A.s) dia hoy Izahay (Allah) taminy manao hoe : “ Aza mba matahotra ianao, fa ianao no tena ambony indrindra, ka atsipazo izay eny amin’ny tànanao an-kavanana, fa dia hitelina izay nataon’izy ireo izany. satria ny hafetsen’ny mpanao majika**

[13] Sourate Younous Andininy : 79-82

**ihany no asa nataon'izy ireo, ary tsy ahita soa na fahombiazana ny mpanao majika, na aiza na aiza ny toerana misy azy ireo ".}**[14]

Aorian'ny famakiana ireo zikr voalaza dia atao amin'ny rano dia sotroina in-telo ary hisehana ny ambiny, ary amin'izany dia manala ny aretina raha sitrak'i Tompo Allah, raha ilaina ny famerenana izany indroa na maro dia tsy maninona mandra-pialan'izany aretina izany amin'ilay olona marary.

Ary tena anisan'ny fitsaboana ny sikidy ihany koa - ary anisan'ny tena tsara sy mahomby ary be fahasoavana - dia fitadiavana sy fahafatarana ilay toerana misy an'ilay fanafody sy sikidy amin'ny tany na koa amin'ny tendrimbohitra na ankoatr'izany toerana izany, raha fantatra ary nesorina sy potehina dia ravana ny sikidy.

izay tokoa no fomba mora indrindra amin'ny fanazavana amin'ireo zavatra rehetra tokony hiarovan-tena amin'nyfanafody ratsy ny sikidy ary tsaboina amin'ny alalan'i Tompo Allah, ary i Tompo Allah no mampalavorary ny fanasitranana.

Fa ny fitsaboana ny marary amin'ny alalan'ny sikidy dia fomba iray manakaiky amin'ny Jiny amin'ny alalan'ny

[14] Sourate Taha Andininy : 65-69

fanaovana sorona sy fanatitra fanampahana ireo biby na koa zavatra hafa ankoatr'izany amin'ireo fanakakaizana ny zavatra izay tsy azo atao, voararan'ny lalana, satria izany dia tafiditra anisany asan'ny satana, ary tafiditra anatin'ny zavatra atao hoe shirky lehibe izany. Ary tena tsy maintsy no sady obligatoara ny mitandrema ny amin'izany rehetra izany, tahakan'ny tsy mety no sady tsy azo atao ny mitsabo na manao fitsaboana ny marary ka lasa mametraka fanontaniana amin'ireo mpomoasy sy mpisikidy ary ireo mpampizaha ka lasa mampiasa ireo zavatra izay lazainy izy ireo satria tsy mino no sady tsy manampinoana izy ireo, ary satria ihany koa fa mpandainga amin'ny endrika mibaribary izy ireo amin'ny filazana antso izay milaza fa mahalala ny zava-miafina sy ireo izay tsy hita maso. ary mampisavoritaka sy mampisafotofoto ny olona rehetra eo amin'ny fiainana, ka efa nampitandrina fatratra i Mpaminany (s.w.a) amin'ny fandihanana sy fanantonana azy ireny na koa mametraka fanontaniana azy ireny na hoe mino sy manaiky azy ireny, araka ny fanazavana sy famelabelarana izay efa voalaza teo aloha ireny mahakasika manokana an'izany teo amin'ireo hafatra izay efa napita tamin'ny voalohany. Ary amin'ny tatitra marina sy marim-pototra izay noentiny Mpaminany (s.w.a) -fa hoe : Izy no nanontaniana mahakasika ny fanala ny masantoko amin'ny fomba taloha ireny, dia niteny i Mpaminany **(s.w.a)** nanao hoe : (Izy io dia asan'ny satana) Voariktra amin'ny Imamo Ahmad sy Abo Daoud amin'ny fizotra tsara indrindra. Ary ny

fanaparitahana an'izany dia tafiditra ho anisany vahaolana amin'ny sikidy manoloana an'ireo olona voan'ny fanafody ratsy, ary ny tena tian'i Mpaminany **(s.w.a)** lazaina sy tenenina amin'ilay teniny manao hoe : (ny fanapariahana izay nampiasain'ireo olona tsy manampahalalana, dia ny hoe : manotany sy mangataka amin'ny mpamosavy hamaha ny sikidy, na ny famongorana izany amin'ny ody mitovy aminy na koa amin'ny ody hafa.)

Fa ny famahana an'izany dia vahana amin'ny alalan'ny fanaovana ny Roqyah sy ny fangataham-piarovana ara-dalàna amin'ireo fomba amampanao izay ekeny lalana ara-mpinoana sy amin'ireo fanafody rehetra hita fa mety no sady azo atao ka tsy misy maharatsy an'izany arakan'ny lalana teo aloha,ary efa nanamarina sy nanaporofo an'izany ilay teny voalazan'ilay manam-pahaizana manan-kaja sy manambonahitra etsy ambony i Cheikh Ibn al-Qayyim sy Sheikh Abd al-Rahman ibn Hasan ( R.h) amin'ny Boky Fath al-Majid,amin'ilay teny efa nolazainy izy ireo ka dia hamindra fo amin'izy ireo anie i Tompo Allah,ary nisy ihany koa ireo manam-pahaizana hafa nanamafy sy nilaza mitovy amin'izany teny izany ihany koa.

Ary i Tompo Allah no tompon'andraikitra amin'ny fitarihana ny vahoaka mpino mpanaraka ny finoana Islam ho amin'ny fanekena ny fahasalamana manoloana ny faharatsiana rehetra,ary Izy ihany koa no hiaro azy ireo sy ny fivavahan'izy ireo, ary mbola Izy Tompo Allah ihany koa

no hanome azy ireo ny fahalalana mahakasika ny fiqh sy ireo fahaizan-dalana ny amin'izany, ary fahasalamana sy hatsarana amin'ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny lalànan'ny Tompo Allah,ka **tsodrano sy fandriam-pahalemana ary fahombiazana anie ho an'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah i Mpaminany Mohammad (s.w.a) sy ho an'ireo fianakaviany ary ireo mpiara-dia taminy.**

# Sikidin'ny Vady amin'ny Vadiny [16]

Avy amin'i Abdil Azizi bin Abdillahy bin Bàzi ho an'ny rahalahy manan-kaja. manambonahitra Assalam anlaikom wa rahmatollah wa barakàtoh,ka aorian'izany dia :

Tonga tamiko ary efa noraisiko ny taratasinareo tamin'ny daty tsy fantatra ary i Tompo Allah anie no hitari-dalana anao amin'ny lalany fahitsiana sy ireo rehetra izay tafiditra ho ao anatin'izany dia ny fampahafantarana anao ny zava-nitranga taminao rehefa naniry ny mba hanao firaisana ara-nofo tamin'ny vadinao vaovao ianao,ary tonga tamiko ihany koa ny mahakasika ny fandehananao tany amin'ny sheikh sy izay rehetra nomeny anao teo aloha, ary ny vadinao fa ela teo aloha ihany koa dia efa nanao ny asa izay anisany antony iray hanakanany anao tsy ahavita hanao firaisana ara-nofo tamin'ny vadinao vaovao, ary ny

fanontaniana izay nampetrakao mahakasika ny didy sy fanampahan-kevitra amin'izany dia zavatra efa fantatra.

Ny valiny dia hoe : Raha niaiky an' izany asa sy fihetsika izany ilay vady teo aloha, na koa efa voaporofo mazava tsara izany amin'ireo fanazavana maro samy hafa, dia lazaina fa efa nanao haratsiana lehibe sy goavana izy amin'izany, fa tena tafiditra ho anisany fitenenan-dratsy sy fahaverezana amin'ny fivilian-dàlana, Satria izany asa fanaony izany dia asan'ny sikidy sy fanafody ratsy izay efa voarara ny lalana fa Haramo tsy azo atao, ary tsy mpino intsony ilay olona mpanao ny asa-sikidy, hoy i Tompo Allah ilay avo Tsitoha manao hoe :

﴿وَٱتَّبَعُواْ مَا تَتۡلُواْ ٱلشَّيَٰطِينُ عَلَىٰ مُلۡكِ سُلَيۡمَٰنَۖ وَمَا كَفَرَ سُلَيۡمَٰنُ وَلَٰكِنَّ ٱلشَّيَٰطِينَ كَفَرُواْ يُعَلِّمُونَ ٱلنَّاسَ ٱلسِّحۡرَ وَمَآ أُنزِلَ عَلَى ٱلۡمَلَكَيۡنِ بِبَابِلَ هَٰرُوتَ وَمَٰرُوتَۚ وَمَا يُعَلِّمَانِ مِنۡ أَحَدٍ حَتَّىٰ يَقُولَآ إِنَّمَا نَحۡنُ فِتۡنَةٞ فَلَا تَكۡفُرۡۖ فَيَتَعَلَّمُونَ مِنۡهُمَا مَا يُفَرِّقُونَ بِهِۦ بَيۡنَ ٱلۡمَرۡءِ وَزَوۡجِهِۦۚ وَمَا هُم بِضَآرِّينَ بِهِۦ مِنۡ أَحَدٍ إِلَّا بِإِذۡنِ ٱللَّهِۚ وَيَتَعَلَّمُونَ مَا يَضُرُّهُمۡ وَلَا يَنفَعُهُمۡۚ وَلَقَدۡ عَلِمُواْ لَمَنِ ٱشۡتَرَىٰهُ مَا لَهُۥ فِي ٱلۡأٓخِرَةِ مِنۡ خَلَٰقٖۚ وَلَبِئۡسَ مَا شَرَوۡاْ بِهِۦٓ أَنفُسَهُمۡۚ لَوۡ كَانُواْ يَعۡلَمُونَ١٠٢﴾ [البقرة: 102]

**{ Ary nanaraka izay rehetra nolazain'ireo satana tokoa izy ireo, tamin'ny andro nanjakan'i Mpaminany Solaimana (A.s), ary tena tsy nikomy**

**akory i Mpaminany Solaimana (A.s), fa ireo satana kosa no nikomy ary naneho ny fikomiana, ka lasa izy ireo no nampianatra majika ny olombelona, sy izay rehetra nampidinina tao amin'ny Babilona tamin'ireo Anjely roa : Harota sy Marota. ary tena tsy nampianatra olona velively an'izany mihitsy izy roa raha tsy efa niteny hoe : " Tena marina fa izahay dia fakam-panahy, ka aoka tsy hikomy an'i Tompo Allah ianao ", ka dia lasa nianatra tamin'izy roa izy ireo, ireo zavatra sy fomba fampisarahana ny lehilahy amin'ny vadiny, nefa dia tsy mahavoa ratsy olona amin'izany velively izy ireo, raha tsy hoe efa nahazo alàlana avy amin'i Tompo Allah, ary izy ireo dia hita fa mianatra ireo zavatra izay hita fa manimba azy ireo ihany, fa tsy mianatra ireo zavatra mahasoa azy ireo, ary tena efa fantatr'izy ireo tsara fa izay nametraka safidy ka nanakalo sy nividy an'izany, dia lasa tsy hisy ary tsy hanana anjara intsony na dia kely aza izy amin'ny fiainana any an-koatra, ary dia lasa zava-doza sy zava-dratsy tokoa no natakalon'izy ireo ny vatatenan'izy ireo, raha toa ka mba nahafantra an'izany izy ireo ! }**[15],

Fa ity ilay andininy teny masina izay mendri-kaja indrindra dia milaza fa ny sikidy dia tsy finoana fa fikomiana

[15] Sourate al-Baqarat Andininy :102

ary tsy fanekena an'ny Tompo Allah, ary ny ombiasy dia tsy mpino fa olona kafiry, ary ny resam-panafody ratsy izay ataony ombiasy dia fianarana izay manimba azy ireo fa tsy zavatra mahasoa azy ireo mihitsy na dia kely aza, ary ny iray amin'ireo tanjona tratrarin'izy ireo dia ny hampisaraka sy hampisara-bazana ny lehilahy iray sy ny vadiny, ary tsy manana anjara toerana amin'i Tompo Allah izy ireo amin'ny Andro farany, Andron'ny fitsanganana amin'ny maty, izany hoe tsy manana anjara sy fahafahana anisany ahazo ny famonjena izy ireo amin'ny Andro farany. Ary amin'ny tatitran'ny Hadihe marina sy mari-pototra dia niteny ilay Iraka mahafatokin'ny Allah i Mpaminany **(s.w.a)** ka nanao hoe : (Ary aoka ianareo mba hiatàka lavitra ireo zavatra fito izay voalaza fa mandringana) Nisy nilaza ka nametra fanotaniana ka nanao hoe : fa inona izany ry Irakan'ny Tompo Allah ? dia namaly Izy ka nanao hoe : (Fanambarana sy fanakambanana an'ny Tompo Allah amin'ny zavatra hafa, fanaovana ny Sikidy, famonoana ny Olona tsy amin'ny rariny izay efa noraran'i Tompo Allah fa fady, haramo, fihinanana ireo zana-bola, fihinanana ireo harenan'ny zaza kamboty, filefasana mitsoka miala ny kianja rehefa miatrika ny ady masina, fanendrikendrehana ireo vehivavy madio sy manampinoana amin'ny fijangajangana).

Fa raha ny momban'ilay Sheikh izay nanome anao an'ilay fanafody kosa dia mitovy salany mpanao fanafody ratsy tahakan'ilay vehivavy izy, satria ny mpanao ahody ratsy

ihany no mahalala ny asan'ny maizina, ary izy dia anisan'ireo mpisikidy sy pimoasy malaza amin'ny fanaovana antso avo fa mahalalana ny miafina sy ny zavatra tsy hita maso, manoloana ny raharaha maro eo amin'ny fiainana, ka obligatoara fa tsy maintsy tokony mba hitandrina amin'izy ireo isika vahoaka mpino mpanaraka ny Finoana Islam, ary tsy azotsika atao ny mino sy manaiky azy ireny, indrindra fa amin'ny lafiny filazan'izy ireo fa hoe izy ireo mahalala ny zavatra miafina,ary satria efa nampitandrina atsika ihany koa i Mpaminany **(s.w.a)** : (Na iza na iza ny olona izay manantona ireo mpampizaha (mpisikidy) avy eo nanontany azy zavatra dia tsy voaray ny vavaka Soalat izay ataony mandritran'ny efa-polo andro. Alina) Voarakitra sy navoaka avy amin'ny Moslimo ao amin'ny Soahihy ary niteny indray mandeha ihany koa i Mpaminany **(s.w.a)** ka nanao hoe : (Na iza na iza ny olona tonga manantona ireo mpampizaha sy mpisikidy ka nanaiky sy nino azy ireo amin'izay zavatra rehetra nolazain'izy ireo, dia lazaina fa efa nikomy avokoa mnoloana an'ireo zava-drehetra nahidina tamin'ny Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**.)

Ny Obligatoara fa tsy maintsy tokony hatao nao dia ny mifona sy mibebaka ary manenina amin'izay rehetra nandalo sy nanjo anao, ary dia tokony hampandrenesina ihany koa ireo tomponandraikitra lehiben'ny komisiona sy ny lehiben'ny fitsarana amin'ilay Sheikh voalaza etsy

ambony sy ny raharahan'ny vadinao teo aloha mba ahafahana manao ny fanakanana azy ireo eo anivony fitsarana sy eo amin'ny komisiona. ka raha sendra mitranga eo aminao izany tranga rehetra izany dia manontania ireo manampahaizana sy ireo manam-pahalalana mahakasika an'izany mba ahafahan'izy ireo hanao ny fitsaboana izay mety sy azo atao arakan'ny lalana velona ara-mpinoana, i Tompo Allah anie hanome anay sy anao ny fahaizana ahafahana mitsangana hamakafaka an'ity finoana ity, sy hifikitra ary hanorina mafy ny amin'izany ary ny fitsanganana amin'ny lafiny fiarovana ny amin'ireo zavatra mety mifanohitra amin'izany, satria i Tompo Allah dia Tompo be fanomezana ary tena Tompo malala-tànana Izy.

" As salam anlaikom wa rahmatollahy " Fiarambahana sy fandriam-pahalemana ho anareo sy ny hinakinaka ary ny hinakinakan'i Tompo Allah sy ny fahasoavany

# Fanotaniana maha–kasika ny fipetrakan'ny sikidy sy ny moasy arakan'ny lalana [18]

Fanontanina : Rahalahy : S.A.B. Avy any amin'ny tanana ny Riyadh dia miteny ka hoy izy tamin'ny fanontaniana izay napetrany nanao hoe : Misy olona any amin'ny faritra sasany ao Yemen izay antsoina hoe : (ireo andriambavy),

ary ireo olona ireo dia mitondra zavatra mifanohitra sy tsy mifanaraka amin'ny fivavahana, toy ny famosaviana sy ny hafa ihany koa, ary izy ireo dia mahasahy milaza fa afaka mitsabo sy manasitrana ny olona, amin'ireo karazany aretina izay heverina fa tsy azo sitranina na manahirana ny fanasitranana azy, ary izy ireo dia mitondra porofo amin'ny alalan'ny fanatsatohana ny antsy na ny sabatra eo amin'ny tenany ary ny fanapahana ny lelany ihany koa, ary avy eo dia averiny avokoa izany rehetra izany ka tsy misy ratra mivoaka na koa ra-mandriaka mikorina, ary misy ny sasany amin'izy ireo dia mivavaka manao ny Soalat, ary misy kosa indray ny sasany amin'izy ireo dia tsy mivavaka tsy manao soalat. Ka dia toy izany ihany koa,ny fomba ataon'izy ireo fa mety sy azo atao ny manambady ny olon-kafa ankoatra ny avy amin'ny antokon'izy ireo, ary tsy azo atao ny hafa ny manambady olona avy amin'ny antoko misy azy ireo,ary anisan'ny fangatahana ataon'izy ireny ho an'olona marary dia ny miteny sy milaza teny hoe : (O Allah,O ry folany) miantso ny iray amin'ireo Dadilahin'izy ireo sy ireny razamben'izy ireny efa maty. Tany aloha tany, ny olona maro dia nan-kabe izy ireny no sady nandray izy ireny ho anisany olo-miavaka, olona manokana manana ny maha izy azy, ary noheverina fa izy ireny no olona tena akaiky no sady manakaiky an'i Tompo Allah, ary lasa nantsoina mihitsy izy ireo fa hoe : Olon'i Tompo Allah, fa ankehitriny kosa dia mizarazara ny olona no sady niparitaka ny fomba andraisan'olona azy ireo, sy ny fomba fiheveran'olona azy

ireo, ka misy amin'olombelona sasany ny mitsangana manohitra azy ireo, toin'ireny tanora sy ny manam-pahaizana ary ireo avaram-pianarana izany, ary ny sasany amin'olombelona kosa dia hita fa mbola mifikitra sy mitazona ny fomba amampanaon'izy ireny, toin'ireo olona efa antitra, be taona sy ireo olona tsy nianatra no sady tsy avaram-pianarana izany. Izahay dia mangataka amin'ny haja sy voninahitra izay misy aminareo ny mba hanazava sy hamelabelatra ny fahamarin'ny lohateny izay voalaza ity. Valiny dia : Ireo sy izay rehetra mitovy tantana amin'izy ireo dia avy amin'ny antokon'ny Sofy ireo izay manana fihetsika sy toetra tsy mendrika tsy azo aseho masoandro ary manana ny fitondran-tena diso ary izy ireo ihany koa dia tafiditra ho anisan'ireo mpilaza ny zavatra ho avy ka i Mpaminany **(s.w.a)** nilaza momba azy ireo ka nanao hoe : (Na iza na iza ny olona izay tonga nanantona ireo mpampizaha ka avy eo dia nanontany azy zavatra dia lazaiana fa tsy voaray intsony ny vavaka Soalat izay ataony mandritran'ny efa-polo andro) Ary amin'izany no entin'izy ireo hilazana fa izy ireo no mahalala sy mahafantatra ny zavatra miafina, no sady mampiasa sy miara-miasa amin'ireo Jiny, ary lasa manetri-tena izy ireo manatanteraka ny asa fanompoana an'ireo Jiny, ka dia lasa ihany koa izy ireo manao asa famitahana feno fitaka an'ireo olombelona amin'ny alalan'ny asa fanaovana sikidy, izay efa nolazain'ny Tompo Allah ny mahakasika an'izany tamin'ireo tantaran'i Mpaminany Mosesy (A.s) sy Faraona :

﴿قَالَ أَلْقُوا۟ ۖ فَلَمَّآ أَلْقَوْا۟ سَحَرُوٓا۟ أَعْيُنَ ٱلنَّاسِ وَٱسْتَرْهَبُوهُمْ وَجَآءُو بِسِحْرٍ عَظِيمٍ ﴿١١٦﴾﴾ [الأعراف: 116]

**{Niteny i Mpaminany Mosa (A.s) fa hoe : " Atsipazo ny any aminareo ", ka rehefa nanipy izy ireo, dia lasa nanova ny mason'ireo olona avy atrany ny zavatra izay natsipin'izy ireo no sady nampihorohoro ny rehetra, ary izy ireo dia tonga niaraka tamin'ny majika mahery vaika }**[16]

Tsy azo atao tsy ekeny lalana ny manantona azy ireo na koa manontany azy ireo zavatra arakany fanambarana azo avy amin'ny hadithe izay nilazan'ny Mpaminany **(s.w.a)** manao hoe : (Na iza na iza izay tonga nanantona ireo mpisikidy avy eo dia nanaiky sy nino azy manoloana an'ireo zavatra izay nolazainy dia avy hatrany lazaina fa io olona io efa nikomy an'ireo zava-drehetra izay nahidina tamin'i Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**.) Ary voalaza ihany koa avy amin'ny hevitra hafa fa hoe : (Na iza na iza ny olona tonga manantona ireo mpampizaha sy mpisikidy ka nanaiky sy nino azy ireo amin'izay zavatra rehetra nolazain'izy ireo, dia lazaina fa efa nikomy avokoa mnoloana an'ireo zava-drehetra nahidina tamin'ny Mpaminany Mohammad **(s.w.a)**.)

---

[16] Sourate al-Anraf Andininy : 116

Fa raha ny fangatahana izay nataon’izy ireo amin’ny zavatra hafa an-koatran'ny Tompo Allah sy ny fitalahoana miambany ka mangataka ny fanampiana amin’ny hafa an-koatran'ny Tompo Allah, na ny filazana ireo teny hoe : miasa eo amin’izao tontolo izao ny razamben'izy ireo sy ny razan'izy ireo, ary ireo taranaka aman-dimby izay mipoitra sy mifandimby avy amin'izany razana izany, fa izy ireny ary no mitsangana manasitrana ny aretin'ireo olona marary, na mamaly amin'ny endrikan'ny fanomezana ireo hataka sy fiangaviana atao amin'ireo olona efa maty ka niatrika ny fahafatesana na koa ny eo amin'ny tsy fisiany, ka izany rehetra izany dia tsy finoana ary fikomiana an'i Tompo Allah, ilay avo Tsitoha, no sady fanehoana ny amin'ny fanompoan-tsampy fa izany dia Shirk lehibe, ka dia lasa Obligatoara no sady tsy maintsy ary tokony amin'ny rehetra ny man-kahala sy maneho ny fankahalana ary tsy azo atao ny mandeha manantona azy ireny na mametraka fanontaniana amin'azy ireny na koa hoe : mino sy manaraka izay lazainy izy ireny, satria izy ireo dia efa nanambatra sy nampifangaro ireo asan'ny mpisorona sy ny mpanao sikidy ary ireo mpanao ny asan'ny Shirk, izany hoe asan'ireo olona mpanompo zavatra hafa an-koatran'i Tompo Allah, sy asan'ireo izay mitady fanampiana amin'ny zavatra hafa ankoatran'i Tompo Allah, ary ireo izay mitady fanampiana amin'ny zavatra hafa ihany koa, toy ny amin’ireo Djiny sy amin'ireny olona efa maty, sy ny hafa ihany koa, izay voalaza fa mety avy amin'ny havan’izy ireo, izay lazaiana fa

malaza, toy ny Ray sy Razamben'izy ireo avy amin’ny olon-kafa izany, izay milaza fa manana fiambenana na voninahitra.amin'ny lafiny famosaviana. izay voarara ao amin'ny Sharia lalana ara-mpinoana izay efa voadio.

Fa ireo zava miseho sy mandalo amin'izy ireo manoloana an'ireo fihetsika sy fitondran-tena tsy mendrika izay miseho sy mitranga amin'izy ireo amin'ny fanindroana ny vatatenan'izy ireo amin'ny antsy sy sabatra ary ny fanapahan'izy ireo ny lelan'izy ireo, ka izany rehetra izany dia sarontava sy fitaka ho an'ny olona fotsiny, satria izany rehetra izany dia nipoitra avy mazika sy amin'ny karazan'ireo fanafody rats'ireo mpanao sikidy, izay efa voarara fa fady haramo tsy azo atao ary tsy azo ampiasaina izany rehetra izany, ka anisan'ny lahatsoratra sy soratra masina voalaza avy amin'ny Boky masina Koroany sy ny Sonnah, dia misakana sy mandrara ary mampitandrina fatratra, ny mombany izany rehetra izany, araka ny ireo fanambarana izay efa voalaza etsy ambony. ka tsy tsara no sady tsy mendrika ho an'ireo olona izay manan-tsaina ny ho voafitaka amin'izany zavatra izany, ary izany rehetra izany dia tahak'izay zavatra efa nolazain'ny Tompo Allah, ilay avo Tsitoha, mitovy tantana ny mahakasika an'ireo mpomoasin'ny Farao.

﴿قَالَ بَلۡ أَلۡقُواْۖ فَإِذَا حِبَالُهُمۡ وَعِصِيُّهُمۡ يُخَيَّلُ إِلَيۡهِ مِن سِحۡرِهِمۡ أَنَّهَا تَسۡعَىٰ٦٦﴾ [طه: 66]

**{Voafandrika sy voafitaka ny majika izy ireo amin'ny alalan'ny aody ratsy ka lasa mahita sy mahatazana fa hoe misy zavatra ohatran'ny mandady }**[17]

Fa izy rehetra ireo dia efa nanambatra sy nampifandray ny asa izay misy fifandraisana amin'ny vorika sy ny ahody nentim-paharazana, sy ny fanaovana sikidy sy fandihanana amin'ny mpomoasy sy amin'ireo mpampizaha,ary nanambatra ny zavatra rehetra ihany koa amin'ny resaka fanaovana ny Shirk lehibe indrindra sy ny fitadiavana amin'ny lafiny fangatahana ny fanampiana sy fiarovana vonjy amin'ny zavaboary hafa an-koatran'i Tompo Allah ary eo ihany koa ny fanaovana ny antso avo fa manambatra sy manana fahalalana an'ireo zavatra miafina no sady manana fahefana mandrindra sy mitantana an'izao tontolo izao ka ireo endrika maro samy hafa ireo dia zavatra tafiditra ho anisany fanompoan-tsampy lehibe (Shirk lehibe) ary tena fikomiana miharihary tsy azo afenina ary tafiditra ho asan'ny maizina izay efa noraran'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha satria mahasahy manao ny filazana fa mahalala ny zava-miafina rehetra nefa izany fahalalana miafina izany dia tsy misy tokony hisy ahalala an'izany afa-tsy i Tompo Allah

[17] Sourate Taha Andininy : 66

irery ihany arakan'izay efa nolazain'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha manao hoe :

﴿قُل لَّا يَعۡلَمُ مَن فِي ٱلسَّمَٰوَٰتِ وَٱلۡأَرۡضِ ٱلۡغَيۡبَ إِلَّا ٱللَّهُۚ وَمَا يَشۡعُرُونَ أَيَّانَ يُبۡعَثُونَ٦٥﴾ [النمل: 65]

**{Teneno fa hoe : “ Tsy misy mahalala sy mahafantatra ny zavatra miafina rehetra, ao an-danitra sy ety an-tany, afa-tsy i Tompo Allah }**[18].

Fa ny tsy maintsy ary obligatoara amin'ireo vahoaka mpino rehetra mpanaraka ny finoana Islamo fa indrindra ireo izay mahalala ny fomba ratsin'izy ireo ny mba tokony mitsangana hampitandrina sy hanazava azy ireo an'izany fomba ratsin'izy ireo izany satria izany dia zava-dratsy zava-mamoampady ka tsy maintsy tokony hampafantarina sy ampiakarina ny raharaha amin'ireo tompon'andraikitra mahakasika azy ireo manoloana an'izany zavatra izany.

Ny zava-drehetra raha toa ka amin'ny firenena islamika, dia lasa manana fahafahana manasazy azy ireo amin'ny fanasaziana izay mendrika sy mifanaraka amin'ny fomba ara-lalana islamo nohon'ny haratsian'izy ireny, ary izany

[18] Sourate Naml Andininy : 65

ihany koa dia fiarovana ireo vahoaka mpino, mpanaraka ny finoana Islamo,amin'ireo lainga ataon'izy ireny.

Ary i Tompo Allah no mampalavorary ny zava-drehetra.

# Fitsaboana nentim–paharazana dia mampiasa ireo Jiny

Fanontaniana : Misy vondron'olona sy antokon’olona izay mandray anjara amin'ny karazana fitsamboana ka mampiasa an'ireo fanafody nentim-paharazana araka ny teny naloakany vavan'izy ireo, ka nony rehefa tonga teo amin’ny iray tamin’izy ireo ny tenako, dia hoy izy tamiko nanao hoe : Sorato ny anaranao sy ny anaran-dreninao, ary avy eo dia miverena aty aminay rahampitso, ka rehefa miverina amin'izy ireo ilay olona dia hiteny Aminy izy ireo fa hoe : tena marina fa Ianao dia marary izany, izany, tanisainy amin'ilay marary avokoa ny zavatra nanjo azy, avy eo lazainy fa ireto avokoa ny fanafody manasitrana an'ilay aretina, fanafody mifanandrify amin'izany, ary niteny ihany koa ny iray tamin'izy ireo fa hoe : ilay mpitsabo anie mampiasa ireo tenin'ny Tompo Allah ao amin'ny soratra masina no fitaovana entiny mitsambo ny fitsaboana izay ataony, ka dia ahoana ary ny hevitrareo manoloana ny fitsaboana izay ataon'ireo olona toy izany ? ary inona ny fanampahan-kevitra sy didim-pitsarana ara-mpinoana momba azy ireo ? S.A.G : Mpanelanelana.

Valiny : Na iza na iza ny olona manao zavatra na ny asa toy izany manoloana ny fitsaboana izay ataony, dia lazaina avy hatrany fa izany tokoa dia efa porofo sy fanamarinana entina hilazana fa ilay olona mpitsabo dia mampiasa sy miara-miasa amin'ireo Djiny ka lasa manao antso avo milaza fa mahay sy mahalala ary mahafantatra ny zava-miafina rehetra, ka dia tsy azo atao tsy ekeny lalana ara-mpinoana no sady voarara ny manatona na manao an'izany fitsamboana izany amin'ireny olona mpitsabo ireny, toy izany ihany koa ny fandrarana fa tsy azo atao ny manantona azy ireny, na manontany zavatra azy ireny, arakan'ny fanambarana izay azo avy tamin'i Mpaminany **(s.w.a)** mahakasika ireo karazan'olona sahalan'izany : (Na iza na iza ny olona izay tonga nanantona ireo mpampizaha ka avy eo dia nanontany azy zavatra dia lazaiana fa tsy voaray intsony ny vavaka Soalat izay ataony mandritran'ny efa-polo alina) Notaterin'i Moslimo ao amin'ny Swahih Moslim. Ary voaporofo avy aminy Mpaminany **(s.w.a)** amin'ireo hadithe maro samy hafa fa tena voarara ny mandeha any amin'ny mpisikidy, na ireo mpizaha ka mpilaza ny zavatra ho avy sy ireo mpanao fanafody ratsy amin'ny alalan'ny sikidy, ary tena voarara ihany koa ny mandia manontany azy ireo sy ny mino ny zavatra voalazan'izy ireo, ka dia hoy ilay Irakan'ny Tompo Allah hoe : (Na iza na iza izay tonga nanantona ireo mpisikidy avy eo dia nanaiky sy nino azy manoloana an'ireo zavatra izay nolazainy dia avy hatrany lazaina fa io olona io efa nikomy an'ireo zava-drehetra izay

nahidina tamin'i Mpaminany Mohammad (s.w.a).) Ary izay rehetra manao antso avo ka milaza fa mahalala sy mahafantatra ny zava-miafina amin’ny alalan'ny fampiasana ireo vatokely na koa fanatobiana na manao teti-dratsy amin’ny alalan'ny tany na mametraka fanotaniana ka manontany an'ireo marary momba ny anarany sy ny anaran-dreniny na ny anaran’ny havany ka izany rehetra izany dia porofo manamarina fa isan’ireo olona tafiditra ho mpampizaha izy sy mpomoasy izy ireny ka izy ireny anefa efa nametrahany Mpaminany **(s.w.a)** teny fandrarana sy fisakanana fa tsy azo atao ny mandeha mangataka sy mino azy ireo.

Ny tena Obligatoara tsy maintsy atao ary tena ilaina tokoa ny mitandrina sy mametraka fitandremana fatratra amin'izy ireny ary tsy tokony manontany zavatra amin'izy ireny na mandeha mitsabo amin'izy ireny, na dia miteny sy milaza aza izy ireo fa hoe mitsabo amin'ny alalan'ny Boky masina Koroany, satria anisany fahazaran'ireo olona miaina amin'ny fahaverezana sy ireo olona efa zatra mpandainga sy mpamorona ary mpamitaka izany fomba amampanao rehetra izay voatanisa izany, ka dia tsy azo atao ny mino sy manaraka azy ireo amin’izay rehetra lazain'izy ireo, fa ny tsy maintsy ary Obligatoara ny amin'ny tokony hatao rehefa misy mahalala ny iray amin'izy ireny ny mba tokony hampahafantatra sy hampiakatra ny raharaha amin'ireny manam-pahefana momban'ireo zavatra mahakasika azy

ireny, sy ny any amin'ny mpitsara ihany koa, sy any amin'ireo mpitarika, ary eny amin'ny toerana izay hita fa miandraikitra an'izany eo amin'ny fiarahamonina sy ny any amin'ny tanàna rehetra mba ahafahana mitsara azy ireny amin'ny fitsaran'i Tompo Allah, ary mandra-pialan'ireo vahoaka mpino mpanaraka ny finoana Islam, amin'ny haratsian'izy ireo sy ny tsolotra ary kolikoly sy ny fandaniana ihany koa ireo vola aman-karenan'ireo olona sy vahoaka tsy manan-tsiny tsy amin'ny rariny.

Ary i Tompo Allah anie hanampy ary tsy misy hery na tanjaka afa-tsy avy amin'i Tompo Allah irery ihany.

# Ireo fanafody ara–dalàna izay mifanaraka amin'ireo lalana ara–mpinoana ho an'ny sikidy [22]

Fanontaniana : Izaho dia naheno teny avy amin'ny manam-pahaizana iray nilaza fa hoe : izay olona mihevi-tena fa nanaovana ody ho azy dia tokony haka ravin'ny mokonazy miisa fito, ka avy eo dia ataovy ao anaty zinga na siny misy rano ary vakina ao anatiny ilay Sorate: alfalaq, sy An-nàs, Ayat Al -Korsi, sy Sorate : al-kàfirona sy ny tenin'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha manao hoe :

﴿...وَمَآ أُنزِلَ عَلَى ٱلۡمَلَكَيۡنِ بِبَابِلَ هَٰرُوتَ وَمَٰرُوتَۚ ...﴾ [البقرة: 102]

**{ Ary izay nambara fa nidina tamin'ny anjely roa. Tany Babylona, Harut sy Marota }** [19],

sy Sorat Al-Fatihah, ka inona no maha-marina azy ny amin'ity ? ary inona no ataon'ny olona izay mihevitra azy fa voany fanaovana sikidy ? ka mba hampio izahay, fa i Tompo Allah anie hanampy anao.

Valiny dia hoe : Tsy azo isalasalana na hametrahana ahiahy fa tena misy marina tokoa ny asan-tsikidy, ary ny sasany amin’izany aza dia hevi-diso izay mamezivezy ny sainan'olona sasany, ary mety mitranga sy mihatra no sady mety misy fiantraikany amin'ny hafa raha toa ka nahazo alalana avy amin’i Tompo Allah ilay avo Tsitoha, araka ny teny izay nolazain’i Tompo Allah, ilay Tompo avo Tsitoha momban'ireo olona mpanao ny sikidy ka nanao hoe :

---

[19] Sourate al-Baqarat Andininy :102

﴿وَٱتَّبَعُواْ مَا تَتۡلُواْ ٱلشَّيَٰطِينُ عَلَىٰ مُلۡكِ سُلَيۡمَٰنَۖ وَمَا كَفَرَ سُلَيۡمَٰنُ وَلَٰكِنَّ ٱلشَّيَٰطِينَ كَفَرُواْ يُعَلِّمُونَ ٱلنَّاسَ ٱلسِّحۡرَ وَمَآ أُنزِلَ عَلَى ٱلۡمَلَكَيۡنِ بِبَابِلَ هَٰرُوتَ وَمَٰرُوتَۚ وَمَا يُعَلِّمَانِ مِنۡ أَحَدٍ حَتَّىٰ يَقُولَآ إِنَّمَا نَحۡنُ فِتۡنَةٞ فَلَا تَكۡفُرۡۖ فَيَتَعَلَّمُونَ مِنۡهُمَا مَا يُفَرِّقُونَ بِهِۦ بَيۡنَ ٱلۡمَرۡءِ وَزَوۡجِهِۦۚ وَمَا هُم بِضَآرِّينَ بِهِۦ مِنۡ أَحَدٍ إِلَّا بِإِذۡنِ ٱللَّهِۚ وَيَتَعَلَّمُونَ مَا يَضُرُّهُمۡ وَلَا يَنفَعُهُمۡۚ وَلَقَدۡ عَلِمُواْ لَمَنِ ٱشۡتَرَىٰهُ مَا لَهُۥ فِي ٱلۡأٓخِرَةِ مِنۡ خَلَٰقٖۚ وَلَبِئۡسَ مَا شَرَوۡاْ بِهِۦٓ أَنفُسَهُمۡۚ لَوۡ كَانُواْ يَعۡلَمُونَ ١٠٢﴾ [البقرة: 102]

**{ Ary nanaraka izay nolazain’ireo satana avokoa izy ireo, tamin’ny andro nanjakan’i Mpaminany Solaimana (A.s) Ary tsy nikomy akory anefa i Mpaminany Solaimana (A.s), fa ireo satana kosa no nikomy ka nanao ny asa fikomiana, izy ireo no nampianatra majika ny olombelona, sy izay rehetra nampidinina tao amin'ny Babilona tamin’ireo Anjely roa : Harota sy Marota, fa izy roa kosa dia tsy nampianatra olona velively na dia iray aza } Izany hoe : ilay Anjely roa { raha tsy efe niteny hoe : “ Tena marina fa izahay dia fakam-panahy, ka aoka tsy hikomy an’i Tompo Allah ianao ”, fa lasa mianatra tamin’izy roa izy ireo, izay fomba rehetra mety ho fampisarahana ny lehilahy amin’ny vadiny. ary tsy dia mahavoa ratsy olona ny amin’izany akory izy**

**ireo, raha tsy nahazo alàlana avy amin'i Tompo Allah}**[20]

Tena marina fa ny fanafody mahakasika resaka sikidy dia marina no sady mandaitra nefa tsy mandaitra akory izany raha tsy efa nahazo alalana sy fanekena ary famelana avy amin'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha, noho ny fandaharana izay efa norafetiny manoloana ny lahatra sy anjara amin'izao totolo izao, fa ny resaka momba ny sikidy dia manana fomba fitsabona azy sy manana fanafodiny tandrify azy, ary efa avy nihatra sy niseho tamin'ny Mpaminany **(s.w.a)** izany, fa nivonjen'i Tompo Allah tamin'izany Izy, ary niarovany, no sady navotany tamin'ny fahafahana sy faharatsian'ireo mpisikidy, ka noraisina izany ahody ratsy izany dia nipotehina, ary nositran'ny Tompo Allah ilay Mpaminany **(s.w.a)** izay nalefany. Ka dia torak'izany koa, rehefa hita ny fanafaody sy ny zavatra nataon'ilay mpanao sikidy tamin'ny fametahana ireo kofehy na famantsina fantsika na zavatra hafa, dia rava no sady foana izany, satria ny sikidy sy ny fanafody ratsy manoloana ny fomba amampanaon'izy ireo, dia mety hitsoka eo amin'ny seza sy hamely azy ny tanjona ny mpanao sikidy noho ny fikasan-dratsy misy aminy, ka mety ho tapitra sy tanteraka ireo zavatra ilan'izy ireo noho ny avy

[20] Sourate al-Baqarat Andininy :102

amin'ny herin'i Tompo Allah, na koa mety ho rava sy foana ary tsy tanteraka, satria i Tompo Allah irery ihany no Tompo mahefa ny zava-drehetra, indraindray aza ny fomba fitsaboana ireo aretina azo avy amin'ny resaka sikidy dia mety amin'ny alalan'ny famakiana ny Boky, na koa famakiany ilay olona marary ireo zavatra tokony ho vakina amin'ny vatatenany raha toa ka salama saina tsara izy ka afaka mamaky, ary indraindray amin'ny alalan'ny famakiany olon-kafa aminy, ka tsofina miaraka amin'ny famakiana izany ny rehetra ao amin'ny vatany ny tratrany na amin'ny faritra rehetra amin'ny vatany, ary vakina aminy ny : Al-Fatihah, Ayat Al-Korsi , ary ny Al-Ikhlàs, ary Al-Ma'widhatayn, ary ireo andinin-tsoratra masina fanta-daza avy ao amin'ny Sorate Al-A'raf. Ary i Sorate Yonos sy Sorate Tàhà. Avy amin'i Sorate Al-A'raf, amin'ilay ten'ny Tompo Allah ilay avo Tsitoha hoe :

﴿۞ وَأَوۡحَيۡنَآ إِلَىٰ مُوسَىٰٓ أَنۡ أَلۡقِ عَصَاكَۖ فَإِذَا هِيَ تَلۡقَفُ مَا يَأۡفِكُونَ ١١٧ فَوَقَعَ ٱلۡحَقُّ وَبَطَلَ مَا كَانُواْ يَعۡمَلُونَ ١١٨ فَغُلِبُواْ هُنَالِكَ وَٱنقَلَبُواْ صَٰغِرِينَ ١١٩﴾ [الأعراف: 117-119]

**{ Ary nambaranay sy nolazainay tamin'i Mpaminany Mosesy (A.s) hoy Tompo Allah fa hoe : “ Atsipazo amin'ny tany ny tehina izay eo amin'ny tananao ”, ka indro dia lasa noraisiny ka nateliny avokoa izay rehetra fitaka noforonin'izy ireo. ka dia niharihary ny fahamarinana rehetra, ary foana sy**

**rava izay asa rehetra nataon'izy ireo hatramin'izay, ka tamin'izany àry dia resy tanterka izy ireo, ka dia lasa anisan'ireo olona nihetry.}**[21],

Ary amin'ny Sorate Yonos dia misy tenin'i Tompo Allah : { Ary hoy i Faraona, niteny izy ka nanao hoe : " Mba ento aty amiko avokoa ny mpanao majika rehetra ireny izay tena farany mahay " ka rehefa tonga ary ireo mpanao majika, dia hoy i Mpaminany Mosesy (A.s) tamin'izy ireo nanao hoe : " Atsipazo àry izay atsipinareo " ka nony rehefa nanipy izy ireo, dia hoy i Mpaminany Mosesy (A.s) tamin'izy ireo nanao hoe : " tena Majika tokoa no nataonareo sy zavatra noentinareo ka hofohanan'i Tompo Allah izany no sady ravainy ary ho potehiny satria dia hamafisina etoana fa tsy misy asa mahomby mihitsy hataon'ireo fa zatra mpanimba, ary marina no sady hampamarinin'ny Tompo Allah ny teniny no sady hampandreseny ihany koa, nohon'ireo karazan-tenin'ny fahamarinana maro samy hafa, na dia hoe mankahala an'izany aza ireo olo-meloka sy ireo olon-dratsy.} [26 Ary amin'ny Sorate TAHA dia misy tenin'i Tompo Allah : { Hoy izy ireo niteny hoe : " Ry Mosesy (A.s) na ianao no hanipy na izahay no hanipy voalohany ? " Hoy izy (Mosesy A.s) hoe :

---

[21] Sourate al-Anraf Andininy : 117-119

﴿وَقَالَ فِرۡعَوۡنُ ٱئۡتُونِي بِكُلِّ سَٰحِرٍ عَلِيمٖ ٧٩ فَلَمَّا جَآءَ ٱلسَّحَرَةُ قَالَ لَهُم مُّوسَىٰٓ أَلۡقُواْ مَآ أَنتُم مُّلۡقُونَ ٨٠ فَلَمَّآ أَلۡقَوۡاْ قَالَ مُوسَىٰ مَا جِئۡتُم بِهِ ٱلسِّحۡرُۖ إِنَّ ٱللَّهَ سَيُبۡطِلُهُۥٓ إِنَّ ٱللَّهَ لَا يُصۡلِحُ عَمَلَ ٱلۡمُفۡسِدِينَ ٨١ وَيُحِقُّ ٱللَّهُ ٱلۡحَقَّ بِكَلِمَٰتِهِۦ وَلَوۡ كَرِهَ ٱلۡمُجۡرِمُونَ ٨٢﴾ [يونس: 79-82]

**{ Atsipazo àry ny any aminareo " dia indro ny tadin'izy ireo sy ny tehiny fa toa mandady vokatry ny majika ka nahatsiaro nisy tahotra avy hatrany ny tao anatiny i Mpaminany Mosesy (A.s) dia hoy Izahay (Allah) taminy manao hoe : " Aza mba matahotra ianao fa ianao no tena ambony indrindra ka atsipazo izay eny amin'ny tànanao an-kavanana fa dia hitelina izay nataon'izy ireo izany. satria ny hafetsen'ny mpanao majika ihany no asa nataon'izy ireo, ary tsy ahita soa na fahombiazana ny mpanao majika na aiza na aiza ny toerana misy azy ireo }**[22]

Ary vakina ihany koa ny {Sorate al kàfirona} ka hatramin'ny farany, avy eo Sorate {Al-ikhlàs}, ary {Al-falaq} sy {An-Nàs} ary ny voalohany dia tokony averina in-telo ny Sorate Al-ikhlàs sy Al-falaq sy An-Nàs, avy eo dia mangataka fahasalamana ho an'ilay marary. (Tompo o !, izay Tompon'olombelona, esory ary halaviro ny ratsy, ary

[22] Sourate Younous Andininy : 79-82

sitrano fa ianao no mpanasitrana, tsy misy fahasitranana afa-tsy fahasitranana izay avy aminao, fahasitranana izay tsy mamela aretina intsony ao aminy) ka izany dia averina intelo. Ary torak'izany no nitsaboiny azy tamin'ny fanononany an'ilay teny filazana hoe : " Bismillahy 'arqik min kolli shay'in yo dhik wamin sharri kolli nafsi'n aw ayni hàsidin Allah yashfìk bismillahy arqìk izany hoe : " Amin'ny anaran'i Tompo Allah no hanandratako anao ho afaka amin'izay rehetra manahirana sy mampijaly anao sy amin'ireo faharatsian'ny fanahy rehetra na ny amin'ny maso izay mitsiriritra ary i Tompo Allah no manasitrana anao, ka izany fehezan-teny izany dia averina in-telo no sady mangataka fahasalamana hon'ilay marary, ary mety ihany koa raha milaza sy miteny ary manao ny Rokiat an'ilay marary miteny aminy hoe : 'oi'dhok bikalimatillah altàmàt min sharri mà khalaq" mangataka fiarovana ho anao amin'ireo tenin'ny Tompo Allah rehetra mba hiaro anao amin'ireo haratsiana izay nohariany, ka dia tsara ihany koa ny hamerenana an'izany in-telo miatoana.

Ka izany rehetra izany dia avy amin'ny fanafody mahasoa fa raha izy no mamaky sy manao ary manonona an'io rokiat io miaraka amin'ny fangatahana manao ny hataka sy ny Doàn amin'ny rano dia misotro amin'izany rano izany ilay olona marary voany ahody ny sikidy avy eo dia mandro miseky miaraka amin'ireo ambiny rano tavela ka izany dia lasa anisan'ny fomba sy antony iray mety azahoana ny

fanasitranana sy fahasalamana ho an'ireo marary raha toa ka sitrakan'i Tompo Allah ary raha asiana ravina mokonazy miloko maintso voatoto izay miisa fito ao anatiny ilay rano dia lasa anisany fomba mety ahasitrana ihany koa. Efa natao fanoharana izany rehetra izany ka hita fa nandaitra be ny fampiasana an'izany ary nahazoana tombony sy fankatoavana avy tamin'i Tompo Allah, ary efa nataonay tamin'ny olona maro ihany koa izany, ka nomen'i Tompo Allah fahasoavana tamin'izany izy ireo. ary izany dia fanafody nahitana vokany sy nahitana tombotsoa tamin'ny fampiasana azy, ary nanavotra ireo olona izay tratrany famosaviana, ary izany ihany koa dia fanafody mety ampiasaina amin'olona manana olona ara-mpanambadiana salany ireny olona nifatorany vadiny ka tsy afaka manao firaisana ara-nofo ireny, satria misy ireny olona sasany mety nataony vadiny fanafody ratsy ara-tsikidy ka tsy afaka mahavita miaraka amin'ny vadiny amin'ny fanaovana ny firaisana, ka raha mampiasa an'izany Rokiat izany sy ireo hataka -Doa' izany dia ahazo fahasitranana sy fahasalamana noho ny tombotsoa sy fanekena ary fan-katoavna avy amin'i Tompo Allah, ka mety na vakiny izy tompony amin'ny vatatenany, na koa vakiny olon-kafa ankoatrany amin'ny vatany, na vakiny amin'ny rano ary avy eo sotroiny sy sekeny ny ambiny rano izay tavela, ka izany rehetra izany dia mety no sady mahasoa avokoa, raha toa ka nametrahan'ny Tompo Allah fanekena sy fan-kasitrahana ho an'ireo voany sikidy sy ireo voafatotra amin'ny vadiny;

Ary izany rehetra izany dia tafiditra ho anisany ireo iray amin'ny anton-javatra maro samy hafa, ary i Tompo Allah, ilay be Voninahitra ka ny Vonahitra dia ho Azy irery ihany, Izy irery ihany no Mpanasitrana, ary Izy no manana fahefana amin'ny zavatra rehetra, eo ampela-tanany ny fanafody sy ny aretina, ary ny zava-drehetra dia mipetraka araka ny didiny sy ny didy izay nandaharany ilay avo Tsitoha azy, ary efa voalaza sy voaporofo ihany koa fa i Mpaminany **(s.w.a)** dia nilaza ka nanao hoe : (Tsy nampidininy Tompo Allah ny aretina afa tsy hoe efa nampidinin'ny niaraka amin'ny ihany koa ny fanafodin'ireo aretina ireo, ka mahalala sy mahafantatra an'izany ireo izay mahalala fa tsy ahalala no sady tsy ahafantatra an'izany akory ihany koa ireo izay tsy ahalala azy).

Ary izany dia tombotsoa sy hasoavana avy amin'i Tompo Allah, ilay avo Tsitoha, ary i Tompo Allah dia mahalavorary ny zava-drehetra no sady mpanitsy ny rehetra amin'ny lalana mahitsy.

# Fanazavana marina amin'ny fidiran'ireo Djiny amin'ny olombelona ary valiteny ho an'ireny olona izay tsy mino an'izany [28]

Dera sy vonahitra ary fisorana feno fankasitrahana ho an'i Tompo Allah, ary tsodrano sy fahombiazana ary fandriam-pahalemana feno ho an'ilay Iraka mahafatokin'i Tompo Allah, sy ho an'ireo fianakaviany ary ho an'ireo izay rehetra mpiara-dia taminy sy ireny izay nanaraka ny sori-dàlana izay norafetiny.

Ka Aorian'izany : Ary efa nanamparitaka ireo gazety sasany ao an-toerana sy ny hafa ankoatr'izany ihany koa fa dia samy namoaka avokoa tamin'ny volana Sha'ban tamin'ity taona voalaza etoana ity ny tiako hambara sy holazaina dia hoe tamin'ny taona 1407 H ity dia hita fa ireo Hadith fohy sy lava avokoa izay mahakasika ny zava-nitranga tamin'ny fanambaran'ireo Djiny sasany izay nianjaka tamin'ireo vehivavy mpanaraka ny finoana Islam sasatsasany tao Riyadh ka ny fiovam-pony ho mpnaraka ny finoana Islam teo anatrehako taorian'ny nanambarany an'izany tamin'ilay rahalahiny Abdollah bin Mosharraf Al-Omari izay monina ao amin'ny tanana ny Riyadh Rehefa

aoriany avy namaky ny voalaza teo aloha momba an'ireo ory sy tratrany fahavoazana ka dia nandefa teny niresaka tamin'ireo Djiny izy, dia nampahatsiahy azy ireo zavatra momban'ny Tompo Allah no sady nananatra azy ihany koa ary nilaza taminy fa hoe : voarara ny fanaovana ny tsy rariny amin'ny hafa satria izany dia tafiditra ho fahotana lehibe, avy eo dia niantso an'ireo Djiny rehetra izy mba ho amin'ny finoana Islam ka nilaza taminy ireo Djiny fa izy ireo dia tsy mpino fa bodista ary niantso azy ireo mba hiala amin'izany, ka resy lahatra ireo Djiny dia namaly ny antso ary nijoro vavolombelona fa ho mpino mpanaraka ny finoana Islam teo anatrehan'i Abdillah izay voalza teo ambony Ary avy eo ihnay koa fa i Abdollah ilay voalaza anarana teo ambony sy ireo tompon'andraikitra misahana an'ilay vehivavy dia samy naniry avokoa ny mba hifanatrika amiko miaraka tamin'ilay vehivavy mba handrenesako ny filazana ny fiovam-pon'ilay Djiny ho mpanaraka ny finoana Islam, ka dia tonga tany amiko izy ireo ary mba nanontany azy ny antony nidirany tao amin'ilay vehivavy aho, ka hoy izy tamiko namaly ny antony ka nanao hoe : ary ny fomba famaliany dia namaly ny teny tamin'ny lelam-behivavy iny ihany izy, fa amin'ny endrikan'ny tenin'ny lehilahy no hivoahany feony fa tsy feon'ny vehivavy akory, ary izy dia mipetraka eo amin'ny seza eo akaikiko, sy ny anadahiny ary ireo anabaviny niaraka tamin'ny Abdollah bin Mosharraf izay voalaza anarana teo aloha sy ireo sasany tamin'ireo sheikh izay nanatri-maso teo avokoa, ka izy ireo rehetra dia

samy nandre avokoa ny tenin'ilay Djiny. Ary tena nolazainy ampahabemaso tsy niambahamba mihitsy ny fidirany nanaraka ny amin'ny finoana Islam, ary nilaza izy fa izy teo aloha dia Indiana mpivavaka bodista, ka dia nanoro hevitra azy aho ny mba tokony hatahotra an'i Tompo Allah ary hiala amin'io vehivavy io ary hanalavitra ny fampahoriana azy, ka nanaiky izany izy, ary hoy izy hoe : Manaiky ny finoana Islam aho, ary nanafatra azy aho mba hitarika ireo vahoakany amin'ny finoana Islam ltaorian'ny nanitsian'i Tompo Allah azy, ka dia nampanantena tsara an'izany izy, ary niala tamin'ilay vehivavy, ary ny teniny farany dia hoe : Fiadanana ho anareo. Ka niverina niteny amin'ny fomba fiteniny ilay vehivavy, ka izany no nahatonga anay nahatsikaritra fa salama izy taorian'ny harerahany tamin'ilay aretina sy zavatra nanjo azy, avy eo dia niverina tany amiko izy rehefa afaka iray volana na volana mahery kely, taty aoriana, niaraka tamin'ny anadahiny sy dadatoany ary rahavaviny roa, ary nilaza tamiko izy ireo fa salama tsara izy ary tsy niverina taminy intsony, ilay zavatra nanjo azy teo aloha, ka hisaorana i Tompo Allah, ary nanontaniako izy rehefa avy teo taminy ilay Djiny, ka dia niteny izy fa mieritreritra ratsy lalandava izy amin'izay rehetra mifanohitra tanteraka amin'ny lalàna islamika, izay misy fifandraisana amin'ny finoana bodista ary somary mba nahalala kely an'ireo zavatra nisy tao amin'ny bokiny. Avy eo dia torian'izany fanavotana izay nataony Tompo Allah izany dia niala taminy avokoa rehefa avy eo ny eritreritra

ratsy rehetra ary niverina amin'ny fiainany teo aloha izy ary nanalavitra ny fieritreretana misy fifandraisana amin'ny fahaverezana. Ary tena tonga tamiko ary nampihainoany ahy i Sheikh Ali Al-Tantawi fa izy dia anisany nandà tsy nanaiky ary nankahala ny fisian'ny raharaha toy izany ary nilaza izy fa izany dia fitaka sy lainga avokoa, ary mety ihany koa lasa ho lahateny niraisana miaraka amin'ilay vehivavy izany fa tsy niteny na nilaza na nambara an'izany izy ary dia nangataka ilay horonam-peo izay nandraiketany an'ilay teniny sy nahafantarany ny zavatra nitranga sy zavatra nolazaina ary tena gaga imbetsaka aho tamin'ny fanomezan-dàlana tamin'ny fandraisana an-tsoratra ny zava nitranga rehetra, na dia nametraka fanontaniana maromaro aza aho tamin'ilay Djiny dia namaly ahy avokoa izy ary izany tokoa no anisan'ny fahadisoana ratsy indrindra dia ny famelana ny lainga ary nilaza ihany koa izy tamin'ny lahateny nataony fa ny fiovam-pon'ny Djiny eo am-pelatanan'ny olombelona dia mifanohitra amin'ny tenin'iTompo Allah ao amin'ny tantaran'i Solomona (A.s) :

﴿... وَهَبۡ لِي مُلۡكٗا لَّا يَنۢبَغِي لِأَحَدٖ مِّنۢ بَعۡدِيٓۖ ...﴾ [ص: 35]

**{ Ary omeo fanjakana aho izay hoe fanjakana tsy misy ahazo an'izany na dia iray aza ireo izay avy ao aoriako }**[23]

Ary tsy am-pisalasalana no hilazana fa izany dia fahadisoana avy aminy, ka i Tompo Allah anie hanitsy azy amin'izany, satria izany dia fomba fahazoana diso no sady mirakitra fahadisoana, fa tsy misy Djiny silamo izay tantanan'olona izany ka hitsipaka sy hanohitra ary hiataka izay antso nataon'i Mpaminany Salomona (A.s). Efa maro no sady betsaka tokoa ireo Djiny izay efa nino teo ampelatanan'ny Mpaminany **(s.w.a)**

Efa voazavan'i Tompo Allah ao amin'ny sorate Al-Ahqaf sy sorate al-Djinny, ary ao amin'ny Soahih roa amin'ny Hadith noentin'ny Aby Horairat (ra) fa i Mpaminany **(s.w.a)** dia niteny ka nanao hoe : (Tena marina tokoa fa i satana dia nanantona Ahy sy nanao izay zavatra hanapahany ny Soalat izay nataoko, ka nomen'i Tompo Allah hery Aho ka nokendaiko izy ary nieritreritra ny hamatotra azy teo amin'ny Moske Aho mba ho itanareo rehefa tonga ny maraina, fa rehefa tadidiko ny Doà' nataon'ny rahalaiko Salomona (As) :

[23] Sourate Sàd andininy : 35

﴿قَالَ رَبِّ ٱغۡفِرۡ لِي وَهَبۡ لِي مُلۡكٗا لَّا يَنۢبَغِي لِأَحَدٖ مِّنۢ بَعۡدِيٓۖ إِنَّكَ أَنتَ ٱلۡوَهَّابُ ٣٥﴾ [ص: 35]

**{ Tompo o ! Mamelà ahy Ianao, ary mba omeo fanjakana aho, fanjakana izay tsy ho hisy na dia iray aza ny ahazo an'izany avy ao aoriako afa-tsy izaho irery ihany }**[24]

Ka dia naverin'i Tompo Allah foana tsy nahazo zavatra na inona na inona izy) Ity dia arakan'ny fomba voalaza ao amin'ny Bokhary, sy izay voalaza ao amin'ny Moslim : ( Tena marina tokoa fa Yfrity dia anisany ireo Djiny mafy ka izy nanantona Ahy sy nanao izay zavatra rehetra mba hanapahany ny fivavahana Soalat izay nataoko omaly, ka nomen'i Tompo Allah hery sy tanjaka Aho ka nokendako izy ary nieritreritra ny hamatotra azy teo amin'ny Moske mba ho hitanareo rehetra rehefa tonga ny maraina, fa rehefa tadidiko ny Doà' nataon'i rahalaiko Salomona (As) :

﴿قَالَ رَبِّ ٱغۡفِرۡ لِي وَهَبۡ لِي مُلۡكٗا لَّا يَنۢبَغِي لِأَحَدٖ مِّنۢ بَعۡدِيٓۖ إِنَّكَ أَنتَ ٱلۡوَهَّابُ ٣٥﴾ [ص: 35]

---

[24] Sourate Sàd Andininy :35

**{Tompo o ! Mamelà ahy Ianao ary dia mba omeo fanjakana izay tsy misy na dia iray aza ny ahazo azy avy ao aoriako afa-tsy izaho irery ihany}**[25]

Naverin'i Tompo Allah fona tsy misy nininona izy) Ary dia nisy fanambarana sy tantara azo avy amin'ny An-Nasai izay mifanaraka tsara tamin'ireo fepetra izay napetran'ny Al-Bukhari (R.h) sy arak'i Aisha (R.d) fa i Mpaminany **(s.w.a)** dia nisy fotoana Izy nanatanteraka ny Soalat ka tonga teo Aminy ny satana ka noraisin'i Mpaminany **(s.w.a)** dia nitorotoroiny ary nokendainy izy avy eo dia niteny ilay Irakan'ny Tompo Allah ka nanao hoe : (ka henoko mihitsy fa nitsintsina ny lelany teo amin'ny tanako, fa raha tsy fangatahana izay nataon'ny Rahalaiko i Mpaminany Solomona (A.s) dia mbola nifatorako mba ho hitan'olona rehetra teo izy), Ary voarakitra amin'i Boky ny Ahmad (R.h) sy Abo Daoud (R.h) avy amin'ny hadith notaterin'i Aby Saïd ary misy amin'izany ny hoe : ( Dia nalefako sy nampandehanako ny tanako ary nokendaiko izy ka sempotra, ary henoko ny hatsiakan'ny rorany teo anelanelan'ny rantsantanako roa, ny ankihibe ary ny manaraka azy ihany koa ). I Al-Bokhari dia namoaka tao amin'ny Soahih-ny niaraka tamin'ny fanehoan-kevitra voafaritra tsara, Boky faha-4, p. 487, avy amin'i Al-Fath

[25] Sourate Sàd Andininy :35

mahakasika ny fitateran'i Abou Houraïrah (ra), ka hoy izy : Tena nampiankinin'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) tamiko avokoa ny fitantanana ireo Zakat tamin'ny volana Ramadany ka dia nisy olona tonga nanatona ahy no sady nanomboka nangataka sy naka ireo sakafo izay voray tamin'ny Zakat dia noraisiko avokoa izany ary nolazaiko fa hoe : " tena Mifanta no sady manao Fianiana amin'i Tompo Allah aho fa tsy maintsy ho entiko any amin'ny ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) ianao dia nilaza izy ka nanao hoe : “ Malahelo aho no sady sahirana satria manan-janaka ary tena mila fanampiana mafy dia mafy ” raha izany no fanazavana izay noentiny dia navelako nandia izy, ka rehefa maraina dia hoy ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) tamiko hoe: “Eh ! ry Abo Horaira, inona ary ny mba nataony ilay Babonao omaly? namaly an'ny Mpaminany (s.w.a) i Abo Horaira ka nanao hoe : O! ry Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) tena sahirana sy nitaraina ary manan-janaka ilay Rangahy ka lasa namindra fo taminy izaho dia navelako nandeha izy raha izay no izy dia niteny i Mpaminany hoe : (tsia fa nandainga taminao izy ka mbola hiverina indray) dia nino aho ary fantatro fa hiverina tokoa izy araka ny fanambarana izay nolazain’ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) kanjo fa niverina tokoa izy ary nijery azy aho fa mbola tonga nitalaho ary nangataka sakafo indray mandeha indray izy ary dia noraisiko izy no sady nilazaiko taminy fa hoe: ianao dia ho entiko any amin'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah

(s.w.a) dia hoy izy namaly ahy hoe: mba avelao aho fa ory no sady sahirana ary manan-janaka aho fa izaho dia efa tsy hiverina intsony ka lasa namindra fo aminy indray aho dia navelako nandeha izy ka rehefa tonga ny maraina dia hoy i Mpaminany (s.w.a) tamiko hoe: ( Eh ! ry Abo Horaïra inona indray no nataony ilay Babonao omaly )? Hoy aho namaly azy hoe: Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) O ! tena ory sy sahirana ary manan-janaka izy ka namindra fo taminy indray aho ka nanafaka azy no sady nanome alalana azy handeha, dia hoy i Mpaminany (s.w.a) hoe : ( Efa nandainga taminao izy ka dia mbola hiverina eo indray ) ka hitako fa tena marina fa dia in-telo mihitsy izy no mbola miverimberina eo ka mbola tena tonga nitalaho indray ary nangataka sakafo ihany koa izy dia noraisiko izy ka hoy aho taminy hoe: " tena ho entiko any amin'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) ianao" ary izao no fotoana in-telo farany ilazanao fa tsy hiverina intsony ianao nefa avy eo dia mbola miverina ihany ka namaly izy ary nilaza hoe :" Avelao aho hampianatra anao ny teny izay hahasoa anao amin'i Tompo Allah" ka hoy aho hoe : Inona moa ireo teny ireo ? dia hoy izy hoe: " Rehefa hatory ianao amin'ny alina dia vakio ny andininy soratra masina mahakasika ny Ayat al korsy:

﴿ٱللَّهُ لَآ إِلَٰهَ إِلَّا هُوَ ٱلۡحَيُّ ٱلۡقَيُّومُۚ ...٢٥٥﴾ [البقرة: 255]

**{ Allah tsy misy Ndranahary afa-tsy Izy irery ihany izy no ilay Velona, ilay Mandrakizay...}**[26]

Mandra-pamarananao ilay andininy dia hiaro anao i Tompo Allah tsy hisy devoly hanantona anao mandra-pahamarain'ny andro ka navelako handeha izy ary hoy ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) : ( Inona no nataon'ilay Babonao omaly ) ? dia hoy aho hoe : O ! ry Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah (s.w.a) izy nilaza no sady nampianatra ahy ny teny izay hahasoa ahy amin'i Tompo Allah ka voatery navelako nandeha izy dia hoy i Mpaminany (s.w.a) taminy hoe :( dia inona moa izany)? ka namaly aho fa hoe: hoy izy tamiko: Raha hatory ianao, dia mamakia ny Ayat al-Korsy hatrany am-piandohana mandra-pamarananao ilay andininy hoe: { Allah, tsy misy Ndranahary afa-tsy Izy irery ihany izy no ilay Velona ilay Mpanangana ary fiadanana anie ho azy. ka hoy i Mpaminany (s.w.a taminy hoe: ( Niteny marina ilay mpandainga fantatrao hoe iza no niresahanao telo alina lasa izay ry Abo Horaïra )? ka hoy aho hoe: Tsia tsy fantako dia hoy i Mpaminany (s.w.a) taminy hoe: (iny dia i Devoly).

Ary efa nanambara i Mpaminany **(s.w.a)** amin'ny hadith marina no sady mari-pototra izay noraketin'ny sheikh roa, arak'i Safiat (R.d) fa i Mpaminany **(s.w.a)** niteny ka nanao :

---

[26] Sourate al-Baqarat Andininy :255

(Marina tokoa fa i satana dia mikorina sy mizotra ary mandehandeha amin'ny taranakan'ny Adama tahakan'ny fikorian-drà ) Arakan'ny fanambarana azo izay voarakitra ao amin'ny Imam Ahmad ao amin'ny Mosnad V4 p216 amin'ny fitaterana mari-pototra fa i Othmana ben Abi Al-A's (Ra) nit eny ka nanao : O ry Irakan'i Tompo Allah, tsembatsembanan'ny satana Aho tamin'ny Soalat izay nataoko sy ny famakiako Koroany ka dia Niteny izy hoe : ( izany tokoa dia satana antsoina hoe Khanzab, ka raha tsapanao fa eo izy dia mangatahà fiarovana aingana amin'i Tompo Allah Ianao ny amin'izany, mandrorà tsy misy rora ianao amin'ny toerana hankavianao in-telo, ka niteny izy hoe : nataoko izany dia nesorin'i Tompo Allah tamiko izany) Tahakany izay voaporofo ihany koa ao amin'ny Hadith mari-pototra fa i Mpaminany **(s.w.a)** fa ny olombelona tsirairay rehetra dia manana sy misy Anjely mpiara-dia sy satana mpiara-dia aminy ihany koa na dia i Mpaminany **(s.w.a)** ihany koa aza dia misy an'izany afa tsy i Tompo Allah kosa no nitsanga nanampy azy tamin'izany nitsanga hanohitra azy ary nampiditra azy ao anatin'ny finoana Islam, ka tsy nandidy azy afa-tsy ny soa ihany, ary ny Boky masinan'ny Tompo Allah ilay avo Tsitoha, sy ny Sonnat fomba amampanaon'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah i Mpaminany **(s.w.a)** ary ireo an-kamaroan'ireo manam-pahaizana dia manambara feo fa ireo Djiny dia tena miditra ao amin'ny vatan'olombelona ka mahatonga azy ireo mianjaka,ka dia amin'ny fomba ahoana ary ireo olona izay

milaza tena fa manam-pahaizana no mbola manohitra tsy mankato an'izany zavatra izany, fa dia lasa manara-potsiny an'ireo olona izay mamorona zavatra ato anaty finoana sy mitsipaka an'ireo vondrona ny manampahaizanan'ny Ahlos-sonnat wal djamant, ka i Tompo Allah anie hanampy ary tena marina fa tsy misy hery sy tanjaka afa-tsy ny hery sy tanjaka avy amin'i Tompo Allah irery ihany, ary hampatsiahy anao aho ry mpamaky amin'ireo teny vitsivitsy izay nolazain'ireo manam-pahaizana mahakasika izany in cha Allah. fanazavana sy famelabelarana an'ireo teny nolazain'ireo manampahaizana mpanao ny tafsiry (R.h) an'ireo tenin'i Tompo Allah fa hoe :

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِي يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...﴾ [البقرة: 275]

**{Ireo izay mihinana ny zana-bola, dia tsy hitsangana izy ireo amin'ny andro farany raha tsy amin'ny fomba tahakan'ny fitsanganan'ireo olona adala noho ny fifampikasohan'izy ireo tamin'i satana.}**[27]

Ary nilaza sy niteny i Abo Janfar ibn JArir (R.h), amin'ny fanazavana amin'ilay tenin'i Tompo Allah ity ka nanao hoe :

---

[27] Sourate al-Baqarat andininy : 275

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِي يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...﴾ [البقرة: 275]

**{Ireo izay mihinana ny zana-bola, dia tsy hitsangana izy ireo amin'ny andro farany raha tsy amin'ny fomba tahakan'ny fitsanganan'ireo olona adala noho ny fifampikasohan'izy ireo tamin'i satana.}**[28]

Ary voalaza : ny amin'izany dia tarihin'ny satana izy teto an-tany, ary izy no hikenda azy ka hanarona azy amin'ny aretim-borona { avy amin'ny fanamborana} izany hoe amin'ny adalana.

Ary niteny sy nilaza ihany koa i Baghawy (R.h), amin'ilay fanazavana sy famelabelarana ny tafsiriny Ayat izay amin'ny Andinin'izay efa voalaza fa hoe :

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِي يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...٢٧٥﴾ [البقرة: 275]

**{tsy hitsangana izy ireo amin'ny andro farany raha tsy amin'ny fomba tahakan'ny fitsanganan'ireo**

[28] Sourate al-Baqarat Andininy : 275

**olona adala noho ny fifampikasohan'izy ireo tamin'i satana.}**[29]

izany dia midika hoe : Adala, lazaina fa voasambotr'olona iray dia lazaina fa voasarona raha toa ka lasa adala

Ary niteny sy nilaza koa i ibn Kathir, amin'nyfanazavana ny tafsiriny izay hita amin'ny Andininy izay voalaza fa hoe :

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِي يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...﴾ [البقرة: 275]

**{Ireo izay mihinana ny zana-bola, dia tsy hitsangana izy ireo amin'ny andro farany raha tsy amin'ny fomba tahakan'ny fitsanganan'ireo olona adala noho ny fifampikasohan'izy ireo tamin'i satana.}**[30]

izany hoe : tsy miainga ary tsy mitsangana avy ao amin'ny fasana izy ireo amin'ny andro farany raha tsy hoe mitsangana amin'ny endrikan'ny voan'ny aretim-borona amin'ny fotoana izany, ka nanjakan'ny satana, nohon'ny fitsanganany tamin'ny ratsy. ary nilaza ibn Abbas (ra) nanao hoe : ( Ny mpihinana zana-bola dia fohazina sy atsangana

[29] Sourate al-Baqarat andininy : 275

[30] Sourate al-Baqarat andininy : 275

amin'ny andro farany izy ireo ka lasa adala ary kenda) voarakitra ao amin'ny ibn Abi Hàtim, fa niteny izy ary voarakitra avokoa izay voalazany fa

Volazan'i Ao'f bin Màlik (R.d) sy saìd bin Jober (R.d), ary saidy sy Rab`y bin Anas (R.d) sy qatàdat (R.d) sy Moqàtil bin Hayàn (R.d) tahak'izany koa, ka dia tapitra teo ny tiany ho lazaina sy haviany amin'ny teniny.

Ary niteny sy nilaza ilay manampahaizana i Qortobì (R.h) ao min'ny Tafsiry nazy amin'ilay tenin'i Tompo Allah hoe :

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِي يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...﴾ [البقرة: 275]

**{ Ireo izay mihinana ny zana-bola, dia tsy hitsangana mihitsy izy ireo amin'ny andro farany raha tsy tahaka ny Fitsanganan'ireo olona adala noho ny fifampikasohana tamin'i satana.}**[31]

Amin'ity fanambarana ity dia misy porofo manamarina ny amin'ny tsy fahamarinan'ireo olona rehetra izay tsy mino no sady tsy manaiky fa avy amin'ireo Djiny tokoa ny aretimborona ary mihevitra izy ireo fa avy amin'ny zavatra voajanahary, ary ny satana tsy mba miditra amin'ny

[31] Sourate al-Baqarat andininy : 275

olombelona ary tsy manamboatra olona amin'ny aretina. Ary ny resaka sy ny tenin'ireo manampahaizana mpanao ny tafsiry Koroany ny amin'ny dikan-teny izany dia betsaka no sady maro, ka izay mila sy mitady an'izany dia ahita sy ahazo.

Ary efa niteny sy nilaza i sheikh al-Islam ibn Taymiat (R.h) hinakinakan'i Tompo Allah anie ho aminy, fa ao amin'ny Bokiny : ( fanazavana ireo porofo amin'ireo hafatra ho an'ny Djiny sy olombelona ) izay hita ao amin'ny fitambarana'ny Fatawa v19 p9 ka hatramin'ny p65 ireo fehin-teny izay efa lasa teo : Ka nohon'ny fitsipahan'ireo Montazilat tahakan'ny ireo Jabàì sy Aby bakr ar-ràzy sy ireo hafa ankoatr'izy ireo ny fidirany ireo Djiny amin'ny vatany olombelona izay tratrany aretim-borona dia tsy nandà ary tsy nitsipaka an'izany izy ireo amin'ny fisiany ireo Djiny, satria izy ireo nilaza fa ny fisehoany sy ny fisiany Djiny dia misy porofo fa ny fisehoany ity kosa dia tsy ao, arakan'i fanambarana azo avy amin'ny Mpaminany **(s.w.a)**, na dia diso amin'ny fomba fihevitriny aza izy ireo, ka noho izany dia voalazany Ash'ary amin'ny filazan'ny ahlos-sonnat wal djamant, fa nilaza izy ireo fa ireo Djiny dia miditra amin'ny vatan'olona misy aretim-borona, araka ny tenin'i Tompo Allah hoe :

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِى يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...﴾ [البقرة: 275]

**{Ireo izay mihinana ny zana-bola, dia tsy hitsangana izy ireo amin’ny andro farany raha tsy amin'ny fomba tahakan'ny fitsanganan’ireo olona adala noho ny fifampikasohan'izy ireo tamin’i satana.}**[32]

Ary niteny sy nilaza i Abdollah ben Ahmad ben Hanbal, nilaza tamin'ny raiko aho fa misy ireo olona sy vahoaka izay mihevitra fa ireo Jiny dia tsy miditra amin'ny vatan'olona, ka nilaza izy nanao hoe : O ry zanako, mandainga izy ireo, izy io dia miteny amin'ny alalan'ny lelany, ary izany dia malefaka no sady mora amin'ny toerany. Ary niteny sy nilaza ihany koa Izy amin'ny V24 amin'ny Fatawa p276-277 izay noraketiny ka nanao hoe : Fisiany ireo Jiny dia marina no sady mari-pototra ary tena efa voarakitra ao anatin'ny Boky masina Koroany sy Sonnat ary niara nifanaiky avokoa ireo manam-pahaizana rehetra izay efa nialoha laharana amin'ny Ahlos-sonnat wal djamant ary dia torak'izany ihany koa ny hilazana fa marina tsy azo lavina ary mari-pototra ny fidiran'ireo Jiny amin'ny vatan'ny zanak'olombelona, ka izany rehetra izany nohamarin'ireo mpitondra sy mpitarika ary ireo manampahaizana mifikitra ny soridalan'ny Ahlos-sonnat wal djamant ka dia niteny i Tompo Allah nanao hoe :

[32] Sourate al-Baqarat andininy : 275

﴿ٱلَّذِينَ يَأۡكُلُونَ ٱلرِّبَوٰاْ لَا يَقُومُونَ إِلَّا كَمَا يَقُومُ ٱلَّذِي يَتَخَبَّطُهُ ٱلشَّيۡطَٰنُ مِنَ ٱلۡمَسِّۚ ...﴾ [البقرة: 275]

**{Ireo izay mihinana ny zana-bola, dia tsy hitsangana izy ireo amin'ny andro farany raha tsy amin'ny fomba tahakan'ny fitsanganan'ireo olona adala noho ny fifampikasohan'izy ireo tamin'i satana.}**[33]

Ary voamarina fa i Mpaminany **(s.w.a)** dia nilaza hoe : (Marina tokoa fa i satana dia mikorina sy mizotra ary mandehandeha amin'ny taranakan'ny Adama tahakan'ny fikorian-drà )

Ary niteny sy nilaza i Abdollah ben Ahmad ben Hanbal (R.h), fa nilaza tamin'ny raiko aho fa hoe : misy ireo olona mihevitra fa ireo Djiny tsy miditra amin'ny vatan'olona, ka namaly ahy izy nilaza hoe : O ! ry zanako, mandainga izy ireo, izy io dia miteny amin'ny alalan'ny lelany ihany, ary izany zavatra izany dia malaza ary efa miparitaka, fa misy olona mianjaka ka miteny amin'ny teny tsy fantatra ny dikany sy ny zavatra fonosiny, ary mamango sy mikapoka vatany mafy dia mafy izy fa raha biby no nikapohina tahaka izany dia angamba nety nikiakiaka mafy,ary mbo nisy

[33] Sourate al-Baqarat andininy : 275

fiantrakany goavana tamin'ny vatany, ary ny olona mianjaka dia tsy mahatsapa ilay vango sy kapoka mahazo azy sy ireo teny izay lazainy sy aloakan'ny vavany, ary mety mandalo amin'olon-kafa ihany koa izany fianjahana izany.

Ny aretim-borona dia mety mitarika ny karipetra izay nipetrahany, ary manova ireo fitaovana sy milina misy ary mamindra no sady mifindra avy amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana hafa ihany koa, ary mety miazakazaka sy miseho amin'ireo endrikan'ny zavatra hafa amin'ireo zava misy amin'ny fiainana, ka hoan'ireo izay nahita sy nanatri-maso azy ireo, dia izy ireo no lasa mahalala sy mampahafantatra azy ireo ny fahalalana mety ilaina fa ny fitenenana amin'ny lelan'ny olombelona sy fomban'ny firazanana hafa ankoatry ny olombelona no sady manetsika ireo vatan'ireo olombelona mantolo dia zavaboary hafa fa tsy olombelona izany akory.

Tsy misy amin'ireo mpitarika ireo vahoaka mpino mpanaraka ny finoana Islam ny mandà na mitsipaka, ka tsy mankato ny fidiran'ireo Djiny amin'ny vatan'ireo olona tratrany aretim-borona, ka izay manda sy tsy manaiky an'izany sy milaza fa hoe ireo lalàna tsy manaiky an'izany dia efa nampadainga ny lalàna ny finoana Islam, ka tsara ho hamarinina etoana fa ny lalàna dia tsy nanafoana ny fisiany izany zavatra izany.

Ary niteny sy nilaza ilay Mpitarika Imamo i Ibn al-Qayyom (R.h), hamindra fo aminy anie i Tompo Allah, ao amin'ny Boky Khayr al-Ibad, Boky V4, p. 66-69, izay nahitana ny lahatsoratra mahakasika an'izany fa hoe : ny aretim-borona izany dia androbe : androbe dia zavatra avy amin'ny fanahy ratsy misy eto an-tany sy ny androbe ihany koa dia avy amin'ny vazivazy ratsy, ary ny faha-roa dia ilay iresahan'ny mpitsabo (dokotera) ny mahakasika ny fomba fitsaboana azy.

Fa raha ny amin'ny aretim-borona izay avy amin'ny fanahy : dia manaiky an'izany avokoa ireo Mpitarika Imam sy ireo olon-kendry ary mahatsapa tsara ny momban'ny izany, ary manaiky ihany koa izy ireo fa ny fitsaboana azy dia amin'ny fomba fihaonany amin'ny fanahy mendri-kaja, tsara, izay mihoatra ambony lavitra amin'ireo fanahy ratsy, ka lasa tsy maintsy hiady amin'izany fanahy ratsy izany, ary hanala ireo asa ratsiny sy handrava azy izany, ary efa mba nilaza tamin'ny lahatsoratrany avokoa i Hipocrate tamin'ny Bokiny, ary nilaza ny fomba fitsabona ireo aretim-borona, araka ny teny nolazainy Tompo Allah hoe : izany dia mety amin'ireo aretim-borona izay tafiditra ho anisany ho antony.

Ny fifangaroan-javatra aminy sy ny materiely, fa ny aretim-borona dia avy amin'ny fanahy ratsy, ka tsy fitsaboana ara-materiely no mety mifanaraka aminy.

Fa ny tsy fahalalana misy amin'ireo mpitsabo izay tsy mahalala, ary ny fahalavoan’izy ireo, sy ny hamaivanany sainan'izy ireo amin'ny endrika maizina, ary ireo izay mino sy mientehitra ary mifikitra amin'ny fivavahan-diso, dia izy ireny no mandà sy mitsipaka tsy manaiky ny fisiany aretim-borona amin’ny fanahin'izy ireo, ary tsy manaiky ihany koa fa izany zavatra izany dia misy fiantraikany amin’ny vatany ilay olona tratran'ny izany aretim-borona izany, ka tsy manana ho ambara izy ireo afa-tsy ny tsy fahalalana misy amin'izy ireo. any ka lasa tsy misy fanafody vitan'izy ireo mifanandrify amin'izany fitsaboana izany, fa ny fahatsapana sy ny zavatra hita kosa ihany no manamarina an'izany fisehoan-javatra rehetra izany , fa ny fahitan'izy ireo kosa dia misy fifangaroan-javatra ka dia lasa misy marina amin'ny sasany manoloana ny zavatra lazain'izy ireo fa tsy izy rehetra akory. Ka mandra-pahatongavany ilay filazany hoe : Tonga ny mpandainga amin'ireo mpitsabo ka tsy nanaporofo na inona na inona afa-tsy androbe amin'ny fifangaroan-javatra irery ihany izy ireo, ary izay manana saina sy fahalalana amin'ireo fanahy ireo sy ny vokany dia mihomehy ny tsy fahalalan'izy ireo sy ny fahalemen'ny sainy avokoa. Ka ny fitsaboana ny aretina amin'ny endrika toy izao dia mifantoka sy mifototra amin'ny zavatra roa : avy amin'ny olona izay voany ilay aretim-borona ary avy amin'ny ilay mpitsabo ihany koa, fa ny avy amin'ny lafin'ilay marary dia amin'ny herin'ny tenany sy ny vatany, sy ny fanekeny amin'ny lafiny fahatsoram-pony sy fahamarinany

miverina manantona an'ilay Mpahary an'ireo fanahy ratsy ireo i Tompo Allah irery ihany no Nahary sy nanamboatra azy ireo, ary ny fitadiavana fiarovana sy fialofana marina izay niraisany amin'ny fony sy ny lelany. Tena marina fa izao dia tafiditra ho anisany karazana ady misy, ka ny mpiady dia tsy ho tonga amin'ny tanjonan'ny fandresena izay tadiaviny manoloana ny ady izay ataony amin'ireo fahavalony raha tsy amin'ny alalan'ny zavatra sy fepetra roa ihany : Takina fa mila tsara tena tsara tokoa ny fitaovam-piadiana izay eo ampelatanana,ary ny sandriny sy ilay olona hiady dia mila matanjaka ary manana fahatanjahana amin'ny lafiny rehetra, fa raha misy iray amin'izy roa ireo no tsy ampy na tavela, dia lasa ny fitaovam-piadiana tsy hiasa, ka ahoana raha izy roa mihitsy no tsy ho eo.

Ny rehetra, ka ny Fo potika dia ny Fo tsy ahitana fahatokanan'i Tompo Allah intsony sy ny fahatokisana Azy sy fatahorana ary fitodiana Aminy, ka lasa tsy manana fiaro izy.

Ny faha-roa kosa dia avy amin'ny lafiny ilay olona mpanasitrana, dia ny zavatra takina Aminy ny mba tokony hisiany zavatra roa indray ao anatiny, ka misy amin'ireo mpanasitrana dia ny zavatra mahampy azy ireo fotsiny ny miteny teny manao hoe : ( Miala - Mivoaha ), na miteny teny manao hoe : ( amin'ny Anaran'i Tompo Allah), na milaza teny hoe : ( Tsy misy hery na tanjaka afa-tsy ny hery sy tanjaka avy amin'i Tompo Allah ), ary i Mpaminany

**(s.w.a)** dia efa nanao sy nilaza hoe : ( Mivoaha ry fahavalon'i Tompo Allah, fa Izaho dia Irak'i Tompo Allah ) Ary izaho dia nahita an'ilay manam-pahaizanay fa Izy tokoa dia naniraka olona hitondra resaka,hakany amin'ilay olona iray tratrany aretim-borona no sady hiresaka amin'ilay fanahy ao anatiny amin'ilay teny manao hoe : " Niteny aminao ny Chek fa Mivoaha ianao " satria dia tsy mendrika ary tsy azonao atao ny mipetraka amin'ilay marary izany. ka afaka ny aretim-borona izay nahazo an'ilay marary, ary indray indray ko aza fa ny tenany mihitsy no miresaka amin'izany fotoana izany, ary misy fotoana ihany koa ny fanahy eo aminy dia fanahy mahery, ka tsy mivoaka raha tsy kapoina sy velesina mafy be, izay vao afaka sy mivoaka, ka avy eo dia mifoha ilay olona marary tratrany aretim-borona, fa dia tsy maheno maharary izy na dia kely aza ” Ary efa imbetsaka maro dia maro izahay sy ireo hafa ankoatranay ihany koa no nahita sy nanatri-maso an'izany ka hatramin’ny nilazana ny hoe : Amin’ny fomba ankapobeny, fa izao no karazana androbe na aretim-borona izany, ary ny fitsaboana azy izany dia tsy lavina, afa-tsy ireo olom-bitsy ihany eo amin’ny lafiny fahaizana sy saina ary fahalalana. Ny tena an-kamaroan’ireo toerana hanjakazakan’ny fanahy ratsy eo amin’ny fianakaviana iray dia noho avy amin'ny tsy fisian’ny fivavahana matotra amin'ireo fianakaviana ireo ary avy amin'ny faharavany fon'izy ireo sy ny lelan'izy ireo, noho ny zava-misy marina amin’ny fanaovana ny Zikry sy ny fanompoam-pivavahana

ary ny fiarovana araka izay nataon'ny Mpaminany **(s.w.a)** sy ny finoana. ny fanahy ratsy dia mifanena amin'ny lehilahy iray tsy mitam-piadiana; ary mety tratrany mitanjaka koa angambany izy, ka lasa misy fiantraikany aminy izany rehetra izany, ka tapitra avokoa ny resaka mahakasika izany izay nolazain'ilay Manampahaizana (R.h).

Ka anisany ireo zavatra miaraka amin'izay rehetra voalazanay avy amin'ireo porofo sy fanamarinana amin'ny endrika ara-dalàna sy izay niraisan'ireo Manam-pahaizana avy amin'ny vondrona ny vahoaka Ahl al-Sonnat wal-Jamant manoloana ny amin'ny fanekena fa ny Djiny dia miditra amin'ny olombelona, ary mazava ho an'ny mpamaky ny tsy fahamarinan'ny tenin'ireo izay mandà sy mitsipaka an'izany sy ny fahadisoan'i Sheikh Ali al-Tantawi tamin'ny fandavany izany resaka mahakasika an'izany Djiny izany.

Ary nampanantena izy tao tamin'ny lahateniny fa hiverina amin'ny marina sy fahamarinana izy rehefa voatarika ho amin'izany, angamba fa mety hiverina amin'ny fahamarinana indray izy rehefa avy namaky izay rehetra voalazantsika. ary dia hangatahitsika amin'ny Tompo Allah mba hitarika azy ary hanome azy fahefana ny amin'izany, ary arakan'ny zavatra anisany voalazanay ihany koa no sady fantatra fa efa notaterin'ny Gazety Al-Nadwa tamin'ny laharana nivoaka tamin'ny 10/14/1407 H noho ny fahefan'ny Dr. Mohammad Irfan, ny teny hoe : “ Adala ” dia

teny nanjavona tao amin'ny rakibolana ara-pitsaboana, ary nambarany fa diso zato isan-jato mihitsy ny fidiran'ny Djiny ao anatin'ny olombelona sy ny fitenenany izany avy amin'ny lelany. Ireo rehetra ireo dia tsy marina no sady tsy ampahamarinana na dia kely aza, satria izany rehetra izany dia zavatra niainga sy niforina noho ny avy amin'ny fahakelezan'ny fahalalana manoloana ny raharaha ara-mpinoana sy amin'ireo zavatra rehetra izay efa nandraisan'ireo manampahaizana fanampahan-kevitra manoloana ny fotokevitra ijoroan'i Ahl al-Sonnat wa'l-Jamant fa izany zavatra izany dia fahadisoana, fa raha sendra ka miafina na takona amin'ireo mpitsabo maro kosa izany raharaha izany, dia tsy tokony ho toherina na lazaina fa hoe tsy misy ny fisiany zavatra misy, ka izany dia manamarina sy manaporofo tokoa ny tsy fahalalan'izy ireo amin'ny endrika goavana amin'ireo zavatra izay fantatrin'ny hafa ankoatran'izy ireo, toy ny ireny fahalalana amin'ireo manampahaizana mahalala sy malaza ary fantatra fa marina, mahafatoky, mahiratra ary azo antoka amin' ny resa-pinoana, ary izany dia efa fanekena izay efa nitambaran'ireo ankamaroan'ny vondrona Ahl al-sonnat wal-jamant, tahakan'izay azo sy notaterina avy amin'i Sheikh Islam ibn taymiat, izay azo avy amin'ireny manam-pahaizana maro ireny, ary ireo izay azo ihany koa avy tamin'i Abo al-Hasan al-Ash'ari fa hoe izy nandray sy nitatitra an'izany avy tamin'ireo vondronan'ny Ahl al-Sonnat wal-jamant, ary nampitaina ihany koa izany tamin'i

Abo al-Hasan al-Ash'ari, ilay manam-pahaizana fantatra fa hoe : Abo Abdollah Mohammad bin Abdollah al-Shibli al-Hanafi, izay maty tamin'ny taona 799 H.

Ny Bokiny dia : ( Ny Àkàmol Mardjàny fy gharàibil akhbàr wa ahkàmol jàny) amin'ny fizarany varavara miisa iraiky amby dimampolo, amin'io Boky voalaza io ihany.

Ary efa voalaza teo aloha tamin'ny resaka sy teny nolazain'I Ibn al-Qayyim (R.h),ka i Tompo Allah anie hamindra fo Aminy, fa ireo Imam mpitarika sy mpitsabo hendry manantsaina amin'izy ireo dia mahalala sy mahafantatra ary manaiky an'izany fa tsy misakana no sady tsy mandà an'izany, fa ireo mpitsabo izay tsy manampahalala, nohon'ny fari-pahalalan'izy ireo mirefarefa ambany dia ambany, sy ireo mpivadi-pinoana izy ireo ihany no mandà sy tsy manaiky ary mitsipaka an'izany, ka fantaro, ry mpamaky ajaina, ary tazomo mafy dia mafy izay voalazanay mahakasika ny marina sy ny fahamarinana, ary aza mety ho fitahin’ireo mpitsabo tsy manampahalala Ianao na oviana na oviana, na koa ireo hafa izay mahasahy miteny zavatra momban'izany nefany tsy manana fahalalana momban'izany akory, na koa ireo izay hita fa tsy mahiratra akory momban'izany raharaha izany, fa lasa manaraka an-jambany fotsiny an'ireo mpitsabo izay tsy manampahalala fa ny sasany amin'izy ireo aza dia mpivadi-pinoana no sady mpamorona ny zavatra tsy marina no sady tsy maripototra, avy amin'ny vondrona fantatra amin'ny

anarana hoe : Mo'tazila sy ny ankoatr'ireo izay voalaza sy voattondro, ka enga anie i Tompo Allah no hanampy.

# Fampitandremana

Ary tena efa voalazanay sy notanisainay avokoa avy amin'ireo Hadith marina sy mari-pototra niainga avy tamin'ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah **(s.w.a)**, sy avy amin'ireo teny sy resaka izay efa nolazain'ireo olona manampahaizana sy manampahalalana manondro tsara mihitsy fa ny firesahana amin'ny Djiny, na koa mananatra azy, na mampahatsiahy azy na miantso azy amin'ny lalan'ny finoana Islam, na ny famaliany sy fanekeny an'izany dia tsy mifanohitra velively amin'ny tenin'ilay Avo Tsitoha izay mahakasika an'ny Mpaminany Solomona (A.s), ao amin'ny Sorate (Swàd) izay nolazainy Tompo Allah fa hoe :

﴿قَالَ رَبِّ ٱغۡفِرۡ لِي وَهَبۡ لِي مُلۡكٗا لَّا يَنۢبَغِي لِأَحَدٖ مِّنۢ بَعۡدِيٓۖ إِنَّكَ أَنتَ ٱلۡوَهَّابُ ٣٥﴾ [ص: 35]

**{Tompo ô ! Mamelà ahy Ianao, ary omeo fanjakana sy fahefana Aho, izay tsy misy na dia iray aza mendrika ny hahazo an'izany avy any aoriako, tena marina fa Ianao ry}**[34]

[34] Sourate Sàd Andininy :35

Tompo Allah no ilay Tompo be fanomezana.

Ka dia torak'izany avokoa ny didy sy baiko izay apetrany mahakasika ny famporisihana ny olona amin'ny fanaovana ny hatsarana sy fandrarana ny olona amin'ny fanaovana ny haratsiana ary ny fikapohana azy ireo raha toa ka tsy mety mivoaka, ka izany rehetra izany dia tsy mifanohitra akory amin'ireo andininy soratra masina rehetra izay efa voalaza teo aloha ireny, fa izany dia adidy sy fomba obligatoara tsy maintsy atao sy tanterahina mba entina hanakanana ireo tranga ratsy mety handalo sy fiarovana ihnay koa ireo vohoaka voakatramo sy niharany ny tsirariny, ary famporisihana ny olona amin'ny alalan'ny baiko mba hanao ny hatsarana ary handrara ny olona amin'ny fanaovana ny haratsiana, tahakan'ny toin'izay ataon'ireo olombelona. Ary efa voalaza tany aloha tany sy tao amin'ny hadith marina mari-pototra sy azo an-toka, fa i Mpaminany **(s.w.a)** niteny ka nanao hoe : (Nokendaiko i satana ka niafara hatramin'ny fivoahan'ny ranoniviny) Eo amin'ny tanan'ilay manakaja manambonahitra i Mpaminany **(s.w.a)** ka Izy ary niteny hoe : ( Raha tsy ny fangatahana izay nataon'ny Rahalahiko Solomona, dia mbola nofatoraka mba ho hitan'olona rehetra) Ary arakin'ny fanambarana izay azo sy voalaza avy amin'ny Moslim amin'ny hadithin'i Abi Dardà araka ny izay azo tamin'i Mpaminany **(s.w.a)** fa Izy dia nilaza hoe : ( Tena marina fa ny fahavalon'i Tompo Allah, iblis, dia tonga niaraka tamin'ny lelan'afo ka nila

hampetrany izany lelan'afo izany teo amin'ny tarehiko, ka hoy aho niteny : Izaho dia mangataka fiarovana in-telo fa hialokaloka amin'i Tompo Allah manoloana ny amin'ny haratsianao, avy eo dia niteny indray Aho fa hoe : manozona anao Aho amin'ny ozonan'i Tompo Allah mba hiantefa sy tanteraka aminao, ary izany dia tsy tavela no sady tsy tara, ka hatao in-telo miatona izany, avy eo dia saika noraisoko sy nisamboriko izy, fa mifanta amin'i Tompo Allah Aho, fa raha tsy ny hataka sy ny Doa' izay nataon'ny rahalahiko Solomona, dia mety lasa mbola nitratranareo maraina teo ary izy nilalaovin'ireo ankizy teto amin'ny tananan'ny Madina ) Ary ireo hadithe milaza dikan'izany dia betsaka, ary tahak'izany koa ny tenin'ireo olona manampahaizana sy manam-pahalalana.

Ary manantena aho fa tena ho ampy sy maharesy lahatra ho an'izay rehetra mitady ny fahamarinana izay voalazantsika etoana ireo izay mitady, ary mangataka amin'i Tompo Allah aho, miaraka amin'ireo Anarany Kanto indrindra sy ireo toetrany ambony indrindra, mba hanampy antsika sy ny vahoaka silamo hafa ihany koa mba ahatakatra ny fahamarinan'ny finoany ary hifikitra sy hitoetra ny amin'izany. ary hitahy antsika rehetra amin'ny fanitsiana ny marina amin'ny teny sy ny asa izay atao ary hiaro antsika sy ny vahoaka silamo rehetra tsy hiteny raha tsy amim-pahalalana ary tsy handà izay tsy

nohamavointsika. Marina tokoa fa Izy no Tompon'andraikitra ary Mahefa an'izany rehetra izany .

Ary i Tompo Allah anie handefa ny tsodrano sy fahombiazana ary fiadanana ho amin'ilay andevo mpanompony no sady Irany, i Mpaminanintsika Mohammad **(s.w.a)**, sy ireo fianakaviany ary ireo mpiara-dia taminy ary izay rehetra nanaraka Azy tamin'ny endrika tsara.

# Hevitra ato Anatiny

TENY FANOLORANA ........ 3

NY FANAMPAHAN-KEVITRA SY FE-PETRA RAISINA MAHAKASIKA NY SIKIDY SY MPOMOASY ARY IREO ZAVATRA REHETRA MIFANDRAY AMIN'IZANY [1] ........ 8

SIKIDIN'NY VADY AMIN'NY VADINY [16] ........ 33

FANOTANIANA MAHA-KASIKA NY FIPETRAKAN'NY SIKIDY SY NY MOASY ARAKAN'NY LALANA [18] ........ 38

FITSABOANA NENTIM-PAHARAZANA DIA MAMPIASA IREO JINY ........ 46

IREO FANAFODY ARA-DALÀNA IZAY MIFANARAKA AMIN'IREO LALANA ARA-MPINOANA HO AN'NY SIKIDY [22] ........ 49

FANAZAVANA MARINA AMIN'NY FIDIRAN'IREO DJINY AMIN'NY OLOMBELONA ARY VALITENY HO AN'IRENY OLONA IZAY TSY MINO AN'IZANY [28] ........ 59

FAMPITANDREMANA ........ 85

HEVITRA ATO ANATINY ........ 89